


NY FIFIDIANANA

AMPAKARINA ANANKIRAY

 Betsaka ny olona marary. Tsy vitako ny haka azy rehetra indray mandeha. Fa, henoy.

² Tena faly tokoa aho tonga eto indray, izao hariva izao, ato amin'ity efitrano be tsara tarehy ity, eto anivon'ity vondron'olona mahafinaritra ity. Ary niditra izahay, tery, fotoana vitsy lasa izay, ireo olona izay mitsangana eny andalambe no nilaza fa tsy afaka niditra izy ireo. Dia hoy aho hoe, “Eny, angamba mety hahita efitra anankiray ho anareo aho.” Fa tsy navelany nidina izy ireo. Koa miala tsiny aho fa tsy manana efitra ampy ho azy ireo isika. Nilaza izy ireo fa ny rihana ambany dia feno, ihany koa. Koa dia miala tsiny izahay ny amin'izany. Fa faly izahay tonga eto, ary tena faly mahita an'ity vondron'ny mpitoriteny mahafinaritra ity, ireo mpandraharaha eto, ary ianareo delegasiona rehetra avy amin'ny ampahany samihafa an'ny firenena.

³ Nanana tombontsoa lehibe aho tamin'ny firesahana aninkeo maraina teo amin'ny fisakafaoana maraina, ka ankasitrahako tanteraka ho voninahitra anankiray ny miresaka eo anoloan'ny olona tahaka an'izany. Izaho dia teo amin'ny lohahevitra anankiray ny amin'ny hoe: *Ny Akofa Dia Tsy Hiaraka Handova Amin'Ny Vary*. Tsy vitako ny namarana an'ilay izy. Ary izany dia tsy—tsy fahadisooan'ilay rahalahy. Niezaka izy ny hahazo an'ilay mpitantana mba hamela anay hijanona elaela kely, saingy tsy namela an'izany mihitsy izy. Tena mankasitraka an'izany tokoa aho, Rahalahy Demos. Izany dia tena, tena tsara. Tena misaotra anareo tokoa aho ny amin'ny fahatsaram-panahinareo, ny tsirairay avy sy ny rehetra. Fa tsy navelan'izy ireo nanao an'ilay izy isika. Noho izany isika dia tsy maintsy—tsy maintsy namarana fotsiny. Ho raisiko izany, amin'ny fotoana anankiray hafa, mba hamaranako an'izany: *Ny Akofa Dia Tsy Hiaraka Handova Amin'Ny Vary*. Azonareo ve ilay izy, ianareo izay teto? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Manantena aho fa efa nisy ampy mba hahazoana an'ilay izy.

⁴ Ankehitriny, fantatro, izao hariva izao, dia misy latabatra boribory, ihany koa, ka dia tsy te-hitazona anareo eto ela loatra aho ka ho diso an'izany ianareo. Satria, heveriko fa tena harena anankiray tokoa izany ho—ho an'ireo olona ao amin'ny finoana Pentekotista, ilay latabatra boribory izay hitantsika indray hariva. Tena andian-dehilahy anankiray tsara, tena valin-teny mahafinaritra, mahitsy. Tena tsapako fa nahasoa

ahy mihitsy ilay izy, ny nahita an'izany. Matoky aho fa hitahy an'izany ny Tompo, izao hariva izao. Ary izay rehetra mijery, dia enga anie izy ireo hino. Izany no fivavako tsotra.

⁵ Ary filazana maro be no tonga, androany, tao amin'ny taratasy nalefa sy tamin'ny alàlan'ny antso, ny amin'ireo maro be izay sitrana tao anatin'ireo fivoriana ireo. Tena faly ny amin'izany aho. Fa, izany dia, ny mahita ny olona marary, izany no karazan'ny asam-panompoako.

⁶ Izaho—izaho dia miakatra eto mba hitory teny. Izaho, fantatrareo, izaho dia tsy mpitory teny. Fa izaho, miaraka amin'ity, ny grameran'ny Kentucky, “his, hain’t” sy—sy ireo teny rehetra ireo, koa izaho—izaho dia tsy mahay miteny tahaka an'ilay antsointsika hoe mpitory teny moderin'izao andro izao. Izaho—izaho dia tsy afaka haka an'izany toerana izany, satria izaho—izaho dia tsy manana fahaizana.

⁷ Fa tiako ny maneho an'izay fantatro mikasika an'Izany, amin'ny hafa, na izay tsapako fa fantatro mikasika an'Izany, amin'ny hafa, ahoana no nianarako an'Izany, ahoana Izy amiko. Izy no fiainako rehetra, izay rehetra mba azoko nantenaina, ary tena mihoatra lavitra noho izay mba noheveriko, fa tsy mba nanana sakaiza anankiray mihitsy aho, zara, teto ambonin'ny tany, fony aho mbola zazalahy kely. Saingy tena mankasitraka tokoa aho ny amin'ireo sakaiza lehibe androany.

⁸ [Hoy ny rahalahy anankiray hoe, “Misy olana ara-pihainoana kely ny ery aoriana, Rahalahy Branham. Manatona akaikikaiky kokoa.”—Mpand.] Oh, miala tsiny aho. Izaho—izaho dia karazan'ny tafavoaka amin'ilay fikendrena eto, any ho any, hoy izy.

⁹ Ankehitriny, mba hidirana avy hatrany ao amin'ilay fotoana, dia ndao isika hamadika ho an'ny famakiana Soratra vitsivitsy. Izaho—izaho isan'andro dia tia mamaky Baiboly, satria Izany no Tenin'Andriamanitra. Mino an'izany aho. Ary mino an'Izany ho Teny tsy mety diso an'Andriamanitra aho. Ary ankehitriny aho dia manana Soratra vitsivitsy voasoratra eto, sy naoty vitsy izay tiako hiankinana, mandritry ny fotoana vitsy, angamba mandritry ny dimy amby efapolo minitra.

¹⁰ Ary avy eo dia hivoaka ara-potoana isika handeha hijery an'io latabatra boribory mahafinaritra io indray izao hariva izao. Ary matoky aho fa hitohy hitahy anareo mihitsy hatramin'ny farany Andriamanitra. Ary fantatro izay tsy maintsy hataonareo. Ary izaho dia tsy maintsy hamily fiara hatrany Tucson, ihany koa, izao hariva izao, hitanareo, ka dia azonareo eritreretina. Izany dia familiana fiara adiny folo.

¹¹ Ary handeha any ampitan-dranomasina aho, ka tsy maintsy manao ny fizahana ny vakisinin'ny tazo vony aho ny maraina any amin'ny governemanta. Koa izaho—izaho dia tsy maintsy mandeha any. Nahazo fanemoram-potoana

aho, indray andro, ka tsy handray ny “tsia” ho valiny indray izy ireo ankehitriny. Ary tsy maintsy mbola haka anankiray ihany koa aho ho an’ny tetanosy sy ny areti-mifindra, ary ireo famerenam-bakisiniko.

¹² Noho izany, dia mankasitraka aho ny amin’ity fanararaotra ity, ary—ary ity fivoriana tsara izay ananantsika mialohan’ny fihaonambe ity. Tena nampiantanentana ny foko tokoa izany. Andian’olona anankiray mahafinaritra ianareo. Matoky aho fa hitahy anareo Andriamanitra.

¹³ Rehefa ilay ora lehibe izay... Ilay biby mahatsiravina izay nandry tany, izay nampitamberina tampoka ny tenany tao Alaska, andro vitsy lasa izay, dia nanangana ny rambony indray izao maraina izao, mitohy hatrany, mankany Washington. Mety hizotra amin’ity lâlana ity izy, tena mora dia mora. Ary raha toa ka tsy miteny amiko mazava tsara ny Fanahy Masina... .

¹⁴ Nisy olona namaly... nanontany ahy hoe, “Hitranga eto ve izany, Rahalahy Branham?” Tsia, tsy fantatro izany. Tsy mahafantatra mihitsy aho, mandra-pahafantatro. Izany no fahamarinana.

¹⁵ Te-hahitsy fo aminareo foana aho. Tsy hanombatombana mihitsy aho, haka hevitra, na zavatra, ny amin’izay inoako, na zavatra tahaka an’izany. Rehefa miteny aminareo aho, dia tsy maintsy hisy izany. Eny, tsy maintsy hilaza amiko Izy, aloha, dia avy eo aho vao hilaza aminareo. Izaho—izaho dia mahafantatra fa izao tontolo rehetra izao dia ao anatin’ny toeran’ny fihozongozonana anankiray. Ao amin’ny andro farany isika izao. Fa ny zavatra tokana izay niezahako ho... .

¹⁶ Niresaka i Rahalahy Shakarian aninkeo maraina, hoe ahoana no nandalovany tao amin’ily laharam-bavaka taloha, sy nahatongavany tao ka nangalany an’ireo karatra mialohan’ny hiakaran’ny olona, ary nijery azy ireo, mba hahita raha—raha izay nosoratan’izy ireo tao no nolazaiko tamin’izy ireo. Manoratra ny karazan-javatra rehetra ao anatin’ny karatra fangataham-bavany izy ireo, fantatrareo, ary izy dia te-hahita mihitsy raha marina ilay izy. Nilaza izy, fa avy tao amin’ireo an-jatony izay nohamarininy, dia tsy nisy anankiray diso mihitsy. [Hoy Rahalahy Shakarian hoe, “Tsy nisy anankiray diso mihitsy.”—Mpand.] Tsy hisy anankiray diso mihitsy, hitanareo, satria, raha—raha mbola Andriamanitra foana izany. Raha vao manatsofoka ny tenako ao anatin’izany aho, amin’izay fotoana izay dia diso avy hatrany ilay izy hatrany am-boalohany.

¹⁷ Zazavavy kely anankiray izay mipetraka eto ny rainy, mihaino ahy ankehitriny, no nanatona ahy, vao tsy ela akory izay. Nanonofy izy. Hoy izy hoe, “Ranadahy Branham, inona no dikan’io nofy io?”

18 Hoy aho hoe, “Tsy fantatro, ranabavy. Tsy maintsy hitady aho, raha hiteny amiko ny Tompo.” Noho izany dia lasa aho ary niezaka nanontany ny Tompo, ary tsy niteny tamiko mihitsy Izy.

19 Niverina indray ilay zazavavy kely. Hoy izy hoe, “Eny, ankehitriny aiza ilay fandikana ny nofiko?”

20 Hoy aho hoe, “Avia aty, malala, mipetraha.” Hoy aho hoe, “Ny rainao sy ny reninao dia tena sakaizako tsara. Hitanao? Ary nandeha tamin’ny lâlana rehetra avy tany Canada izy ireo, misotro ronono, ary mivahiny eto miaraka amiko. Mino an’ity izy ireo, izay ezahako lazaina. Ary izaho tsy mbola niteny zavatra diso tamin’ny olona mihitsy, am-panahy iniana, teo amin’ny fiainako. Raha izaho. . . Heveriko fa fantatro ny dikan’ily nofy. Saingy mandra-pahitako manokana an’io nofy io, ka amin’izay fotoana izay dia Izy no miteny amiko hoe inona no dikany, dia tsy afaka hiteny aminao aho. Hitanao, raha mamoroporona zavatra fotsiny aho, dia mety hisy fotoana iray izay ilainao ahy eo anelanelan’ny fiainana sy ny fahafatesana, ary amin’izay fotoana izay dia tsy ho fantatrao na tokony hino ahy ianao na tsia.”

21 Raha miteny aminareo zavatra anankiray amin’ny Anaran’ny Tompo aho, dia tena izany tokoa ilay izy. Izany dia Ilay niteny tamiko an’izany. Ary hatramin’izao, nandritr’ireo taona maro ireo, manerana an’izao tontolo izao, sy manodidina an’izao tontolo izao, dia tsy diso mihitsy Izany na dia indray mandeha aza. Satria. . . Ary, ankehitriny, fantatratreo fa ny olombelona anankiray dia tsy afaka ny ho tsy mety diso izany. Tsy maintsy ny Fanahin’Andriamanitra no manao an’izany.

22 Ary ankehitriny dia manana Hafatra anankiray aho izay izaho no tompon’andraikitra aminy. Ary matetika aho no heverina, eo anivon’ny olona, eny, angamba olona izay tsy mba nipetraka akory ka nieritreritra iray minitra, fa hoe izaho dia o—o, oh, olona masiaka anankiray, hoe izaho dia tsy tia olona, ary izaho dia manindrona foana azy ireny. Fa tsy izany ilay izy. Tsy izany ilay izy. Tiako ny olona. Saingy, fantatrareo, ny fitiavana dia manitsy.

23 Raha mipetraka eny an-dàlambe eny ny zanakareo lahikely, ka hoy ianareo hoe, “Junior, ry malala, tsy tiako hivoaka eny ianao, fa. . .” Ary mirimorimo eo akaikiny eo ireo fiara, dia entinareo miditra izy. Mivoaka indray izy. Ahoana, tsy maintsy manitsy azy ianareo. Raha tia azy ianareo, dia hanitsy ianareo. Tsy maintsy manao ianareo.

24 Raha nahita lehilahy anankiray nidina ao amin’ny renirano anankiray ianareo, mankany amin’ny rian-drano, ao anaty sambo kely anankiray, ka fantatrareo fa hilentika io sambo io rehefa hipaka amin’ily rian-drano, hiteny ve ianareo hoe, “John, ianao, angamba tokony mba hieritreritra vetivety

ianao, angamba mety tsy ho afakao io”? Raha fantatro fa tsy ho afaka ao izy, dia ho rohitiko mihitsy hiala ao amin'ilay sambo izy, raha azoko atao, satria ny fitiavana no manao an'izany.

²⁵ Ary ankehitriny, ao amin'ireto Hafatra izay resahako ireto, dia tsy miezaka mihitsy aho ny hitondra fampianarana anankiray, na inona. Izaho—izaho dia manao an'izany ao amin'ny fiangonako manokana. Fa aty ivelany kosa eo anivon'ireo lehilahy sy vehivavy izay avy amin'ny anaram-piangonana samihafa sy hevitra samihafa, dia miezaka fotsiny aho ny miditra ao amin'ny endrika malemilemy anankiray, manazava; saingy ampy raha nateraky ny Fanahin'Andriamanitra ianareo, mino aho fa ho azonareo izay tiako ho lazaina, eo anivon'ny lehilahy Kristiana, Metodista, Batista, Presbyterana, inona koa.

²⁶ Ankehitriny, izao hariva izao, dia tiako ny hamadika ao amin'ny Genesisy, ny toko faha-24. Tiako ny hamaky ny... manomboka amin'ny andininy faha-12-n'ny toko faha-24 an'ny Genesisy.

Dia hoy izy, O TOMPO Andriamanitra...Abrahama tompoko, mivavaka aminao aho, ambino aho amin'ity andro ity, ary asio soa Abrahama tompoko.

Indro, mitsangana eto anilan'ny fantsakan-drano aho; ary ny zanakavavin'ny olona ao an-tanàna mivoaka hantsaka rano:

Ary aoka izao no hiseho, fa izay zazavavy izay hilazako hoe, Mba areho ny siny, miangavy anao aho, mba hisotroako; ka hamaly izy hoe, Misotroa, sady hampisotro ny ramevanao koa aho: aoka ho izy ihany no ho voatendrinao ho an'Isaka mpanomponao; ary izany no hahafantarako fa ianao no naneho tamiko fahatsaram-panahy ho...amin'ny tompoko.

²⁷ Ary avy eo dia ao amin'ny Bokin'ny Apokalypsy. Io no voalohany an'ny Baiboly, Genesisy. Ankehitriny, ao amin'ny farany an'ny Baiboly, tiako ny hamaky ny ao amin'ny toko faha-21-n'ny Apokalypsy, ka ny andininy faha-9.

²⁸ Fantatsika izay lazain'ity Soratra ao amin'ny Genesisy eto ity...Vakio ilay toko manontolo, raha tianareo. Andriamanitra izay maniraka an'i Eliezera izany. Na, Abrahama izay maniraka an'i Eliezera, mamelà ahy, mba hifidy fofombady anankiray ho an'Isaka. Ary nivoaka ilay Rebeka tsara tarehy, ary tamin'ny valiny tanteraka ho an'ilay vavaka izay—izay Eliezera, ilay mpanompon'i Abrahama, no avy nivavaka.

Ankehitriny ao amin'ny andininy faha-9-n'ny toko faha-21-n'ny Apokalypsy.

Ary tonga ny anankiray tamin'ny anjely fito izay nanana ny lovia fito feno ny loza fito farany, ka niresaka tamiko, nanao hoe, Avia ety, fa hasehoko anao ny ampakarina, ny vadin'ny Zanak'ondry.

²⁹ Ankehitriny dia tiako ny haka lohahevitra anankiray, izao hariva izao, ho an'izany: *Ny Fifidianana Ampakarina Anankiray*. Ary ity dia, raha sitraky ny rahalahiko izay mandray feo eto, ity dia horonam-peo izay azonareo avoaka sy zaraina.

³⁰ Ary ankehitriny, ao amin'ity, tsy tena midika akory izao hoe miresaka an'izao ho an'ity fiangonana eto ity aho, fa ireny horonam-peo ireny dia mandeha eran'izao tontolo izao. Izy ireo dia voadika amin'ny, saiky, oh, amin'ny fiteny maro be, eny fa na dia any amin'ireo firenena mpanompo sampy eran'izao tontolo izao aza. Mandefa an'ireny horonam-peo ireny izahay, tsy andoavam-bola, noho ny fikambanana iray an'ny fiangonana. Ary voadika izy ireny. Ary manerana ny ati-alan'ny Afrika, sy any Inde, ary eran'izao tontolo izao, no andehanan'ireny horonam-peo ireny.

Ankehitriny, mifidy Ampakarina anankiray!

³¹ Ao anatin'ny zavatra maro eo amin'ny fiainana dia nomena safidy anankiray isika. Ilay lâlâm-piainana, izy tenany, dia safidy anankiray. Manana zo isika ny hanaraka ny lâlantsika manokana, mifidy ny lâlantsika manokana izay tiantsika iainana.

³² Ny fianarana dia safidy anankiray. Afaka mifidy isika na handeha hampianarina isika, na tsy handeha hampianarina isika. Izany no safidy izay ananantsika.

³³ Ny marina sy ny diso dia safidy anankiray. Ny lehilahy rehetra, ny vehivavy rehetra, zazalahy sy zazavavy, dia tsy maintsy mifidy na hiezaka ny hiaina marina izy ireo na tsy hiaina marina. Safidy anankiray izany.

Ny safidy dia zava-dehibe anankiray.

³⁴ Ny fiafaranareo Mandrakizay dia safidy anankiray. Ary angamba, izao hariva izao, ny sasany aminareo dia hanao an'io—io safidy io, hoe aiza no handanianareo ny Mandrakizay, mialohan'ny hifaranan'ity fotoana ity izao hariva izao. Hisy andro anankiray, izay, raha nihodina tamin'Andriamanitra matetika ianareo, dia hisy fotoana anankiray izay hiodianareo Aminy farany. Misy tsipika anankiray manelanelana ny famindram-po sy ny fitsarana. Ary zava-doza anankiray ho an'ny lehilahy iray na vehivavy iray, zazalahy na zazavavy, ny mandika an'io tsipika io, satria tsy misy fiverenana intsony rehefa mandika an'io fetra io ianareo. Noho izany, izao hariva izao, izao no mety ho fotoana izay handraisan'ny maro ny—ny fanapahan-keviny, aiza no handanian'izy ireo an'ilay Mandrakizay tsy manam-pahataperana.

³⁵ Misy safidy hafa anankiray izay ananantsika eo amin'ny fiainana, izany dia, namana anankiray eo amin'ny fiainana. Ny tovolahy anankiray na tovovavy, izay manomboka ny fiainana, dia—dia nomena zo hanao safidy anankiray. Mifidy ilay tovolahy. Manana zo ilay tovovavy ny hanaiky na handà an'ilay izy. Saingy mbola safidy ihany izany, eo amin'ireo lafiny roa. Ny lehilahy sy ny vehivavy, dia samy manana zo hisafidy izy ireo.

Ary koa, ianareo dia manana safidy anankiray, amin'ny maha-Kristiana iray.

³⁶ Manana safidy anankiray ianareo ho an'ny fiangonana, eto Amerika, hatramin'izao, izay azonareo handehanana. Tombontsoanareo Amerikana manokana izany, dia ny mifidy izay fiangonana tianareo hikambanana. Safidy anankiray izany. Tsy terena handeha ho any amin'ny iray amin'izy ireny ianareo, raha tsy tianareo ny handeha. Fa raha te-hiova avy amin'ny Metodista ho Batista ianareo, na Katolika ho Protestanta, na inona, dia tsy misy olona afaka miteny anareo na manao anareo ho tonga any amin'ny karazam-piangonana anankiray. Izany no—izany no fahalalahantsika. Izany no dikan'ny demokrasiantika. Ny olona rehetra dia afaka mifidy ho an'ny tenany. Fahalalahan'ny fivavahana, ary izany dia za—zava-dehibe anankiray. Andriamanitra anie hanampy antsika hihazona an'izany ela arak'izay azontsika atao.

³⁷ Manana safidy anankiray koa ianareo. Na... Raha mifidy an'ity fiangonana ity ianareo, dia afaka mifidy ianareo na ianareo, ato amin'ity fiangonana ity, na ianareo hifidy fiangonana anankiray izay hitari-dàlana anareo ho any amin'ny fiafaranareo Mandrakizay. Afaka mifidy fiangonana anankiray izay manana karazana fanekem-pinoana iray ianareo, izay mety heverinareo fa izany fanekem-pinoana izany mihitsy no tena ilainareo. Raha tsy izany, dia ilay fiangonana hafa izay manana ny fanekem-pinoan'izy ireo.

³⁸ Ary avy eo koa dia misy ny Tenin'Andriamanitra, azonareo safidiana. Tsy maintsy manao an'ilay safidy ianareo.

Misy lalàna tsy voasoratra anankiray eo anivontsika, ny fifidianana.

³⁹ Mino aho fa Elia izany, indray mandeha, teo an-Tendrombohitra Karmela, taorian'ilay fampisehoankery, tao amin'ilay oran'ny fahasarotana izay saiky efa hahatongavantsika mihitsy ankehitriny. Angamba, mety ho anareo izany na ho ahy, izao hariva izao, ny hanao an'io safidy io, tahaka an'ilay fahatsapana teo an-Tendrombohitra Karmela. Am-pahatsorana, dia heveriko fa eo am-pisehoana izany, eran'izao tontolo izao, ankehitriny. Fa ho avy tsy ho ela ny fotoana izay tsy maintsy hanaovanareo safidy anankiray.

⁴⁰ Ary ianareo lehilahy eto, avy amin'ireo fiangonanareo aranam-piangonana, hinoy fotsiny izao, fa efa tonga aminareo

ny ora, izay tsy maintsy hanaovanareo safidy anankiray. Na ianareo handeha hiditra ao amin'ny Fivoriambe Manerantany, na ianareo tsy ho lasa anaram-piangonana anankiray intsony. Tsy maintsy manao an'izany ianareo, ary ho avy tsy ho ela izany safidy izany.

⁴¹ Ary zava-doza anankiray ny miandry hatramin'ny ora farany, ihany koa, satria mety haharay zavatra izay tsy hahafahanareo hihetsika intsony ianareo. Fantatrareo, misy fotoana anankiray izay mety hampitandremana anareo, amin'izay fotoana izay, raha mandika an'ilay tsipiky ny fampitandremana ianareo, dia efa voamarika sahady ianareo ery amin'ilay ilany hafa, voaisy marika.

⁴² Tsarovy, rehefa tonga ilay taon-jobily, ary ny-ny mpisorona efa mitaingin-tsoavaly miaraka amin'ny trompetrany maneno, dia mahazo mandeha malalaka ny andevo rehetra. Fa raha nandà ny hanaiky ny fahalalahany izy ireo, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy entina eo amin'ny tempoly izy, eo amin'ny andry anankiray, ary haolo anankiray no mandoaka azy eo amin'ny sofiny, ary avy eo dia hanompo ny tompony isan'andro izy. Napetraka teo amin'ny sofiny izany ho tandindona anankiray, ny fandrenesana. "Ny finoana dia avy amin'izay renesina." Nandre an'ilay trompetra izy, nefa tsy te-hihaino an'izany.

⁴³ Ary matetika, no mandre ny Fahamarinan'Andriamanitra ireo lehilahy sy vehivavy, ka mahita an'izany voamarina sy voaporofa, Fahamarinana, kanefa dia tsy te-handre an'izany izy ireo. Misy ny antony anankiray. Misy fifidianana anankiray izay ataon'izy ireo, raha tokony hanaiky ny Fahamarinana sy ny porofa, noho izany dia mety mikatona amin'ny Filazantsara ny sofin'izy ireo. Tsy handre an'izany intsony indray izy ireo. Ny toro-hevitro aminareo, rehefa miteny amin'ny fonareo Andriamanitra, dia mihetseha avy hatrany amin'izay fotoana izay.

⁴⁴ Nanome azy ireo safidy anankiray izay tokony hataony i Elia: "Fidio amin'ity andro ity izay ho tompoinareo. Raha Andriamanitra no Andriamanitra, dia manompoa Azy. Fa raha i Bala no Andriamanitra, dia manompoa azy."

⁴⁵ Ankehitriny, araka ny hitantsika fa ny zavatra ara-nofa rehetra dia tandindona iray an'ny zavatra ara-panahy, araka ny hitantsika tao amin'ny lesontsika aninkeo maraina, toy ny masoandro sy ny natiorany. Izany no Baiboliko voalohany. Talohan'ny mba namakiako pejy anankiray tao amin'ny Baiboly, dia efa nahafantatra an'Andriamanitra aho. Satria, ny Baiboly dia voasoratra eran'ny natiora rehetra, ary izany dia mifanaraka mihitsy amin'ny Tenin'Andriamanitra: ahoana ny fahafatesana, fandevenana, fitsanganan'ny natiora; ary ny masoandro izay miposaka, mitety, milentika, maty,

miposaka indray. Misy betsaka ireo zavatra izay azontsika atao tandindona, Andriamanitra ao amin'ny natiora, izay tsy maintsy havelantsika, noho ity Hafatra ity.

⁴⁶ Ankehitriny, raha ny ara-panahy, na, ny ara-nofo dia tandindon'ny ara-panahy, noho izany, ny fifidianana ampakarina anankiray, ao amin'ny ara-nofo, dia tandindon'ny fifidianana Ampakarina anankiray, ilay Ampakarina, ao amin'ny ara-panahy.

⁴⁷ Ankehitriny, zavatra matotra anankiray izany rehefa hifidy vady anankiray isika, ny lehilahy anankiray, satria ilay voady eto dia mandra-pahatongan'ny fahafatesana hampisaraka antsika. Izany no tsy maintsy hihazonantsika an'ilay izy. Ary eo anatrehan'Andriamanitra no anaovanareo an'izany voady izany, hoe ny fahafatesana irery ihany no hampisaraka anareo. Ary heveriko fa isika dia tsy maintsy... Ny lehilahy anankiray salama saina, izay mandrafitra ny ho avy anankiray, dia tsy maintsy mifidy an'io vady io ampitandremana tsara izy. Tandremo tsara izay ataonareo. Ary ny vehivavy izay mifidy vady anankiray, na manaiky an'ilay safidin'ny vadiny, dia tsy maintsy mitandrana tsara amin'izay hataony, ary indrindra amin'izao andro izao. Ny lehilahy iray dia tokony hisaina sy hivavaka mialohan'ny hifidianany vady anankiray.

⁴⁸ Heveriko, amin'izao andro izao, inona no mampisy raharaha fisaraham-panambadiana betsaka ankehitriny, dia noho isika mampiditra an'izao tontolo izao eto Amerika, amin'ny raharaha fisaraham-panambadiana. Isika no mitarika ny sisa amin'izao tontolo izao. Eto no misy fisaraham-panambadiana betsaka noho ny any an-kafa, ity firenena ity, nefa dia natao ho, sy noheverina ho, firenena Kristiana anankiray. Latsa toy ny inona, ireo fitsarana fisaraham-panambadiana antsika! Heveriko, ny anton'izany, dia satria nanalavitra an'Andriamanitra ireo lehilahy, ary nanalavitra an'Andriamanitra ireo vehivavy.

⁴⁹ Ary hitantsika, fa, raha nivavaka ny lehilahy ary nivavaka ny vehivavy ho an'ilay zavatra; tsy hoe mijery an'ilay fipetrak'ireo maso tsara tarehy fotsiny, na ireo soroka matanjaka be, na zavatra tahaka an'izany, na fitiavana anankiray arak'izao tontolo izao; fa hijery an'Andriamanitra aloha, ka hiteny hoe, "Andriamanitra, izao ve no Drafitrao?"

⁵⁰ Heveriko, amin'izao andro izao, fa misy hafetsena be loatra, tena tahaka ny any an-tsekoly mihitsy. Rehefa—rehefa mandalo ireo ankizy, ny maraina, maro amin'ireo ankizy ao amin'ny mpiara-monina, izay—izay sakaizako, no handalo ka hanao hoe, "Rahalahy Branham, hivavaka ho anay ve ianao? Hanao fa—fanadinana anankiray izahay androany. Izaho—izaho efa niasa nandritry ny alina manontolo, nefa toa tsy

tsapako fa ho—ho vitako ilay izy. Mivavaha ho ahy.” Heveriko fa ny ankizy mpianatra rehetra, raha ianareo, raha. . . Ary ireo raiamandreny izay eo amin’ny latabatra izao maraina izao, dia afaka manao. Mitenena hoe, “Neny, hanao fanadinana i John androany. Ndao isika hivavaka ho azy ankehitriny.” Heveriko fa izany no handresy an’izay rehetra azonareo atao amin’ny fomba hafa, na hijery ny eo amin’ny taratasin’ny olon-kafa ka hifetsy. Heveriko fa raha mba hivoaka fotsiny ianareo ka hivavaka ho an’ily zavatra.

⁵¹ Ary raha handinika an’izay hataontsika isika rehefa hanambady, rehefa mifidy ny vadintsika isika, na ny lehilahintsika, raha mba handinika tsara an’ily izy isika! Ny lehilahy dia tokony hivavaka amin-kitsim-po, satria mety hanimba ny fiainany manontolo izy. Tsarovy, ilay voady dia hoe “mandra-pahatongan’ny fahafatesana hampisaraka anay,” ary mety hanimba ny fiainany izy tamin’ny fanaovana an’ily safidy ratsy. Fa raha fantany fa, manao an’ily safidy ratsy izy ary nanambady an’ily vehivavy izay tsy mendrika ho vadiny, ka ataony ihany ilay izy na izany aza, amin’izay fotoana izay dia fahadisoany ilay izy. Raha maka vady anankiray ilay vehivavy nefa mahafantatra fa tsy mendrika ho vady anankiray ho anareo izy, amin’izay fotoana izay dia fahadisoanareo manokana izany, rehefa fantatrareo izay tsara sy ratsy. Koa, tsy tokony hanao an’ily izy ianareo raha tsy efa nivavaka marina aloha.

⁵² Mitovy amin’izany no ampiharina amin’ny fifidianana fiangonana anankiray. Ankehitriny, tsy maintsy mivavaka ianareo mikasika an’ily fiangonana izay hiombonanareo. Tsarovy, ny fiangonana dia mitondra fanahy.

⁵³ Ankehitriny, tsy te-ho mpitsikera aho. Fa fantatro tsara fa lehilahy antitra anankiray aho, ary tsy maintsy handao an’ity aho, indray andro any. Ary tsy maintsy hamaly aho amin’ny Andron’ny Fitsarana ny amin’izay lazaiko izao hariva izao na tamin’ny fotoana hafa. Ary izaho, noho izany, tsy maintsy tena hahitsy fo ary ho resy lahatra marina.

⁵⁴ Fa, miditra ao amin’ny fiangonana anankiray ianareo, ary raha handinika ny fitondran-tenan’ily fiangonana ianareo, dia diniho kely fotsiny ilay pasitera, dia ho hitanareo foana fa manao tahaka an’ily pasitera ilay fiangonana. Indraindray, dia manontany tena aho raha tsy ny fanahin’ny hafa no azontsika raha tokony ho ny Fanahy Masina. Mandehana ianareo any amin’ny toerana anankiray izay misy pasitera anankiray mpifikitra sy taitaitra, ho hitanareo fa hitovy amin’izany ilay fiangonana. Hitondra anareo any amin’ny fiangonana iray izay nahitako an’ily pasitera nitsangana aho, nanetsiketsika ny lohany mankany aoriana sy aloha. Dinihonareo ilay fiangonana, manao an’ily zavatra mitovy

izy ireo. Alaivonareo ny pasitera anankiray, izay hitelina fotsiny ny zavatra rehetra, isan'andro ilay fiangonana dia hanao an'ilay zavatra mitovy. Koa, raha tsy maintsy hifidy fiangonana anankiray aho, dia hifidy anankiray tena izy, arapototra, Filazantsara Feno, fiangonana ara-Baiboly, raha hifidy anankiray hametrahako ny ankohonako aho. Mifidiana. Nijery aho. . .

⁵⁵ Ireo zazalahy, indray andro, ireo zanak'i Rahalahy Shakarian sy ny vinantony, dia nitondra ahy teto mba hivavaka ho an'ny namana tanora anankiray, mpihira anankiray, zazalahy kanto. Vao tafaverina... Fred Barker, izay ilay anarany, vao tafaverina avy tamin'ny dia iray. Dia nantsoin'izy ireo aho, hoe, "Ho faty i Fred." Ary avy eo, talohan'ny nidirako tao an-trano, dia tonga ny hafatra anankiray hafa hoe, "Efa maty mihitsy angamba izy ankehitriny." Ary nilaza izy fa izy dia tratry ny—ny fahaverezan-drà ao amin'ny ati-doha, ka malemy izy, ary—ary ho faty izy, ary tian'ny vadiny hivavaka ho azy aho.

⁵⁶ Dia nieritreritra aho hoe, "Oh, raha hanandrana handeha fiaramanidina aho, dia ho faty alohan'ny hahatongavako any izy, ary angamba efa maty ankehitriny." Noho izany, dia niantso haingana aho ka ramatoa kely anankiray no azoko tamin'ny telefona. Ary—ary napetakay ilay fihainoana amin'ny telefona, ary teo amin'ny sofin'i Fred. Tsy afaka nitelina izy. Nomen'izy ireo fitelomana noforonina izy. Ary rehefa nivavaka ho azy izahay, dia nilaza izy, nanao baikon-tànana, hanala an'ilay izy avy ao amin'ny tendany. Afaka nitelina izy. Tsy nino an'izany ireo dokotera. Nesorin'izy ireo ilay izy, ary dia afaka nitelina izy. Nipetraka tsara izy, indray andro.

Fiangonana anankiray; fifidianana fiangonana anankiray.

⁵⁷ Tonga ny antso an-telefona, vao tsy ela teo. Aninkeo maraina, mpikambana iray ao amin'ny fiangonako, izay tena vehivavy Batista anankiray avy ao Louisville, maty aninkeo vao maraina izy. Ary ny fiangonako any, tena vondrona iray an'ireo lehilahy voatokana, no niaraka nivory ka nandeha tany, mialohan'ny hanosoran'ireo mpiandraikitra azy, nitsangana teo akaikiny, nivavaka mandra-piverin'ny aina tao aminy. Ary dia velona izy, izao hariva izao. Ireo loholon'ny fiangonako, nahoana, nampianarina izy ireo mba hino fa ny zavatra rehetra dia azo atao, dia nanatona an'Andriamanitra tamin'ny fahatsoram-po.

Noho izany, dia tsy maintsy manao an'ilay safidy tsara ianareo.

⁵⁸ Izao koa, ny karazana vehivavy izay hofidian'ny lehilahy anankiray, dia manome taratra ny faniriany sy ny toetrany. Raha mifidy an'ilay vehivavy ratsy ny lehilahy anankiray, dia izany no manome taratra ny toetrany. Ary izay mamatotra

ny tenany amin'izany, no maneho marina izay ao anatin'ny. Ny vehivavy anankiray dia manome taratra an'izay ao amin'ilay lehilahy rehefa mifidy azy ho vady izy. Izany no maneho hoe inona no ao anatin'ny. Tsy mampaninona izay lazainy ety ivelany, diniho izay novadiany.

⁵⁹ Mandeha mankao amin'ny biraon'olona anankiray aho, ka milaza izy fa Kristiana anankiray izy; peta-drindrina eran'ny rindrina rehetra, ilay mozika ratsy boogie-woogie no mandeha. Tsy ahoako izay lazainy. Tsy mino ny filazany aho, satria ny fanahiny dia mivelona amin'ireny zavatr'izao tontolo izao ireny. Ahoana moa, lazao, raha hanambady zazavavy mpihira anankiray izy, na ahoana moa raha hanambady mpanjakavavin'ny vatana anankiray izy, na tsara tarehy anankiray fotsiny, ricketta moderina? Manome taratra izany. Izany no maneho hoe inona no ananany ao anatin'ny sainy, ho lasa inona ilay tokantranony ho avy, satria izy no naka azy hitaiza an'ireo zanany. Ary na inona izy na inona, dia izany no fomba hitaizany an'ireo zanany ireo. Koa, izany dia manome taratra an'izay ao anatin'ilay lehilahy. Ny lehilahy anankiray izay haka vehivavy tahaka an'izany, dia maneho fotsiny hoe inona no heveriny amin'ilay ho avy.

⁶⁰ Azonareo eritreretina ve ny Kristiana anankiray izay hanao zavatra tahaka an'izany? Tsia, tompoko. Tsy ho vitako. Ny Kristiana marina anankiray dia tsy hitady an'izany hatsaran-tarehin'ny mpanjakavavy izany, sy vehivavy mpihira, na mpanjakavavin'ny vatana. Hitady ny toetra Kristiana izy.

⁶¹ Ankehitriny, tsy afaka mahazo ny zavatra rehetra ianareo. Mety hisy zazavavy anankiray izay tena tsara tarehy. Ary ilay zazavavy hafa, angamba izy dia...ny tsanganany dia toa tsaratsara kokoa noho ity anankiray ity. Ary mety tsy maintsy hamoy an'ilay anankiray ianareo ho an'ilay hafa, saingy, raha tsy manana an'ilay tsanganan'ny ramatoa anankiray izy, an'ny vehivavy anankiray. Ary, izy...Tsy ahoako na tsara tarehy izy na tsia. Tsaratsara kokoa ho anareo ny mijery ny toetrany, na tsara tarehy izy na tsy tsara tarehy.

⁶² Ankehitriny, satria, mendrika ilay izy, raha ny Kristiana anankiray no hifidy vady iray, dia tokony hifidy tena izy anankiray izy, vehivavy nateraka indray, tsy mijery an'izay hoe tahaka ny inona izy. Izay maha-izy azy, dia izay no nanaovana azy. Ary avy eo, indray, dia izany no manome taratra ny toetrany masina, ary manome taratra an'izay ao antsaingy sy izay hisy amin'ny ho avy, satria ny ankohonany dia hotezaina amin'ny alàlan'ny vehivavy tahaka an'izany, satria ilay ho avy no mandrafitra ny tokantranony.

⁶³ Raha manambady ny anankiray amin'ireo rickettas moderina ireo izy, ireo mpanjakavavin'ny vatana, dia inona no azony antenaina? Karazana tokantrano inona no azon'ny

lehilahy anankiray antenaina hananana? Raha manambady zazavavy anankiray izay tsy manana fitondran-tena ampy izy mba hijanona ao an-trano sy hikarakara trano, ka te-hiasa any amin'ny biraon'olona, ho lasa karazana mpikarakara tokantrano inona izy? Hanana mpitaiza zaza sy zavatra hafa ianareo. Marina izany.

⁶⁴ Ankehitriny, izaho dia tsy momba betsaka an'io firehana moderina io, ireo vehivavy izay miasa. Rehefa nahita an'ireny vehivavy manao an'ireny fanamiana ireny aho, mihodinkodina manerana an'ity tanàna ity, amin'ny motô, amin'ny mahapolisy, dia fahafaham-baraka iray ho an'ny firenena rehetra ny hamela vehivavy anankiray manao an'izany. Hitanareo? Hitanareo? Nefa dia lehilahy maro be no tsy manana asa, izany no maneho an'ilay fisainana moderin'ny tanànantsika. Izany no maneho ny fietrena. Tsy tokony hanana an'ireny vehivavy ireny isika any ivelany any tahaka an'izany. Tsy manana asa any ivelany any tahaka an'izany izy ireny.

⁶⁵ Rehefa nanome vady anankiray ho an'ny lehilahy iray Andriamanitra, dia nanome azy ny zavatra tsara indrindra izay Azony nomena Izy, ankoatry ny famonjena. Fa raha ny anankiray no hiezaka haka ny toeran'ny lehilahy iray, dia toy ny nahazo zavatra ratsy indrindra izay mety ho azony izy. Ankehitriny, marina izany. Hitanareo?

Ankehitriny dia hitantsika ilay fampiharana ara-panahy.

⁶⁶ Izaho—izaho dia mahafantatra fa maharary izany, ianareo dia mihevitra fa maharary izany, saingy izany no Fahamarinana. Tsy ahoantsika na maharary toy ny inona aza ilay izy, fa tsy maintsy manaiky an'ilay zava-misy isika. Izany no ampianarin'ny Baiboly. Hitanareo?

⁶⁷ Ankehitriny, isika eto dia mahita mazava an'ilay drafitra ara-panahy, an'ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny Tranony ho avy miaraka amin'ny Ampakariny izay ho avy, dia hita miharihary ankehitriny.

⁶⁸ Raha manambady mpanjakavavin'ny vatana anankiray ny lehilahy iray, dia hitanareo izay tadiaviny ho an'ilay ho avy. Raha manambady vehivavy anankiray izay tsy mijanona an-trano ny lehilahy iray, dia hitanareo izay tadiaviny amin'ny ho avy. Ary indray mandeha aho . . .

⁶⁹ Mampahatahotra ity. Fa te-hilaza an'ilay izy fotsiny aho. Ary izaho—izaho, mazàna, raha te-hilaza an'ilay zavatra, dia tsy maintsy ho lazaiko ilay izy. Ary izany mazàna no fomban'Andriamanitra.

⁷⁰ Izaho—izaho taloha dia nandeha niaraka tamin'ny tompon'ny fiompiana anankiray izay niasako, mba hividy biby fiompy. Ary voamariko ilay lehilahy antitra fa mijery mahitsy foana eo amin'ilay tavan'ny vantotr'ombivavy anankiray

alohan'ny hanombanany. Avy eo dia atodiny ny lohany, ary jereny ny aoriana sy ao aloha. Nanaraka azy hatrany aho, nandinika azy. Ary nijery azy ambony ambany izy, raha mety ho tsara ilay izy, ilay tsanganany. Avy eo dia mitodika izy ary nijery azy eo amin'ilay tavany, ary indraindray dia manodinkodina ny lohany izy dia manalavitra.

Hoy aho hoe, “Jeff, te-hanontany zavatra anankiray aminao aho.”

Hoy izy hoe, “Lazao àry, ry Bill.”

⁷¹ Dia hoy aho hoe, “Nahoana ianao no mijery foana an'ilay ombivavy eo amin'ny tavany?” Hoy aho hoe, “Toa ohatry ny tsara izy, omby tsara—tsara matavy anankiray.”

⁷² Hoy izy, “Te-hiteny aminao aho, tovolahy, betsaka ny zavatra tokony ianaranao.” Ary izaho—izaho dia nahafantatra an'ilay izy rehefa avy niteny tamiko izy. Hoy izy, “Tsy ahoako na toy inona no nanaovana azy. Mety ho omby izy, hatrany amin'ny kitro. Saingy raha manana an'ilay fijery masiaka izy eo amin'ny tavany, dia aza mividy azy mihitsy ianao.”

Hoy aho, “Fa nahoana, ry Jeff?”

⁷³ “Eny,” hoy izy, “ny zavatra voalohany dia,” hoy izy, “tsy hipetraka mihitsy izy.” Dia hoy izy hoe, “Ny zavatra manaraka dia, tsy ho mama anankiray mihitsy izy ho an'ny zanak'ombiny.” Hoy izy, “Apetrak'izy ireo ao anaty vala iray izy ankehitriny, izay no antony mampatavy azy. Avelao anie izy ho votsitra, miaraka amin'io fijery masiaka io, fa hampandositra ny tenany fatratra izy.”

⁷⁴ Hoy aho hoe, “Fantatrao, karazan'ny nahay zavatra anankiray aho. Mino aho fa izany dia ampiarina amin'ireo vehivavy, ihany koa.” Marina. Marina.

⁷⁵ Ilay fijery masiaka, mangarika, ricketta, tsaratsara kokoa ny manalavitra azy, ry tovolahy, ireo karazan-javatra mangamanga rehetra eo an-tampon'ny masonry. Ary izaho tsy... Tsy hila an'izany aho. Tsy mihevitra aho fa mendrika ho an'ny Kristiana anankiray izany. Tsy ahoako na impiry na impiry no ilazan'ny televiziona sy gazety hoe tsara ilay izy. Izany no endrika faran'ny ratsy indrindra, fijery mahatsiravina izay tsy mbola hitako teo amin'ny fiainako.

⁷⁶ Rehefa nahita an'izany voalohany aho, dia tao amin'ny Clifton's Cafeteria, indray maraina, tamin'ny fisakafoana maraina. Nahita ny sasany tamin'ireo ramatoa tanora ireo aho nanatona. Vao tonga i Rahalahy Arganbright, sy izaho. Ary nidina tany ambany izy. Ary nijery aho, ary niditra ilay zazavavy. Nieritritra aho hoe, “Eny, izaho—izaho—izaho—izaho tsy mahafantatra.” Tsy mbola nahita an'ilay izy mihitsy aho taloha. Karazan-javatra anankiray ilay izy. Oh, toy ny hoe miha-lo izy, fantatrareo, karazana tarehy mahatsiravina anankiray fotsiny. Tsy milaza an'izao mba hahatsikaiky aho. Izaho dia—izaho

dia milaza an'ilay izy. Fantatrareo, efa nahita ny habokana aho. Misionera anankiray aho. Efa nahita an'ireo karazana sampona rehetra aho, fantatrareo, ny amin'ireo aretina. Ary saika hanatona an'ilay ramatoa tanora aho ka hiteny aminy hoe, "Izaho—izaho—izaho dia mpitoriteny. Izaho—izaho dia mivavaka ho an'ny marary. Ho—ho tianao ve ny hivavahako ho anao?" Fa tsy mbola nahita zavatra tahaka an'izany mihitsy aho. Ary tamin'izay fotoana izay, indro tonga ny roa na telo hafa, niditra. Somary nihemotra aho tamin'izay ary niandry.

⁷⁷ Ary tonga i Rahalahy Arganbright, koa dia hoy aho hoe, "Rahalahy Arganbright?" Mety eto izy. Hoy aho hoe, "Inona no manjo an'io vehivavy io?" Hitanareo?

Dia hoy izy hoe, "Io, io dia lokon-tarehy."

⁷⁸ Hoy aho hoe, "Eny, oadray, oadray!" Hitanareo? Heveriko fa tokony hataon'izy ireo any amin'ny trano misy pesta any ho any izy, fantatrareo, hihazonana an'izany tsy hifindra amin'ny vehivavy hafa.

⁷⁹ Saingy, fantatrareo, mila mandrafitra ianareo, mijery, mivavaka, rehefa mifidy ianareo. Satria, hitantsika, amin'ny alàlan'izany, ilay Tenin'ny teny fikasana. Izy, ilay ampakarina izay hofidian'ny lehilahy anankiray, dia hanome taratra ny toetrany. Manome taratra an'ilay ao anatiny izany.

⁸⁰ Ankehitriny, azonareo eritretina ve ny lehilahy anankiray, feno ny Fanahy Masina, fa haka zavatra anankiray tahaka an'izany mba ho vady iray? [Hoy ny fiangonana hoe, "Tsia."—Mpand.] Izaho—izaho—izaho dia tsy mahita an'ilay izy mihitsy, rahalahy. Ankehitriny, izaho angamba no antitra masiaka anankiray fotsiny. Saingy, fantatrareo, izaho—izaho dia tsy mahazo an'izany mihitsy, hitanareo, mariho, satria izany dia hanome taratra an'izay ao anatiny. Izy no hanampy azy hanao an'ilay tranony ho avy.

⁸¹ Ankehitriny, noho izany, dia hiverina indray isika ankehitriny mandritry ny fotoana fohy, amin'ilay lafiny arapanahy. Ary rehefa mahita fiangonana anankiray ianareo izay ao amin'izao tontolo izao, manao tahaka an'izao tontolo izao, mirona ao amin'izao tontolo izao, mandray anjara ao amin'izao tontolo izao, manao ny Didin'Andriamanitra ho toy ny hoe tsy Nosoratany mihitsy Izy ireny, amin'izay fotoana izay ianareo—ianareo dia afaka mieritreritra fotsiny fa Kristy dia tsy haka Ampakarina anankiray tahaka an'izany. Azonareo eritretina ve ny haka an'ilay fiangonana moderin'izao andro izao ho Ampakarina anankiray? Tsy ny Tompoko. Izaho tsy . . . Sarotra ho ahy ny hahita an'izany. Tsia. Tsarovy, ankehitriny, ny lehilahy anankiray sy ny vadiny dia iray. Hanakambana ny tenanareo amin'ny olona anankiray tahaka an'izany ve ianareo? Raha hanakambana ianareo, dia tena karazan'ny handiso fanantenana ny finoako ao aminareo izany.

⁸² Ary, noho izany, dia ahoana ny amin'Andriamanitra hanakambana ny Tenany amin'ny zavatra tahaka an'izany, mpivaro-tena ara-anaram-piangonana anankiray foana? Heverinareo ve fa hanao an'izany Izy, “Manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra nefa mandà ny heriny”? Tsy hanao an'izany mihitsy Izy. Tsy maintsy manana ny Toetrany ao aminy izy. Ilay tena izy, Fiangonana tena nateraka indray dia tsy maintsy manana ny—ny toetra izay tao amin'i Kristy, satria ny lehilahy sy ny vadiny dia iray. Ary raha tsy nanao afa-tsy izay nahafaly an'Andriamanitra i Jesosy, nihazona ny Teniny ka naneho ny Teniny, ny Ampakariny dia tsy maintsy ho toetra mitovy karazana. Izy dia tsy, na oviana na oviana, ho anaram-piangonana anankiray. Satria, amin'izay fotoana izay, tsy mampaninona na firy na firy tianareo ho lazaina hoe, “tsia,” dia feheziny mpanolo-tsaina anankiray izy any ho any, izay miteny aminy izay hatao sy izay tsy azony hatao, ary, matetika, dia lasa any amin'ny an-tapitrisany maily miala amin'ilay Teny marina.

⁸³ Tena mampalahelo fa lasa manalavitra foana an'ilay tena Mpitarika isika izay navelan'Andriamanitra ho antsika mba hitarika ny Fiangonana. Tsy nandefa eveka mihitsy Izy, kardinaly, pretra, papa. Nandefa ny Fanahy Masina ho an'ny Fiangonana Izy, mba hitarika ny Fiangonana. “Rehefa tonga Izy ilay Fanahy Masina, dia Izy no hitarika anareo amin'ny Fahamarinana rehetra, hanambara aminareo an'ireo zavatra ireo, izay Nolazaiko taminareo, hitondra azy ireny eo amin'ny fahatsiarovanareo, ary haneho aminareo an'ireo zavatra ho avy.” Ny Fanahy Masina no tsy maintsy nanao an'izany. Ankehitriny, ilay fiangonana moderina dia mankahala an'izany. Tsy tian'izy ireo izany, koa ahoana moa no haha-Ampakarin'i Kristy azy? Mifidy anaram-piangonana moderina ireo olon'izao andro izao. Inona no ataony, manome taratra fotsiny an'ilay fahazoany kely an'ilay Teny.

⁸⁴ Tsy hoe te-handratra aho, fa tiako ny hanao an'izany hilentika tsara mba hijerenareo azy.

⁸⁵ Efa nanao fanambadian'ny mpivady betsaka aho, saingy mampahatsiahy ahy an'i Kristy sy ny Ampakariny foana izany. Ny anankiray tamin'ireo fampakaram-bady izay nataoko teto, fotoana vitsy lasa izay, izany—izany no tena zava-dehibe anankiray teo amin'ny fiainako. Taona maro lasa izany, fony aho mbola mpitoriteny tanora mihitsy.

⁸⁶ Ny rahalahiko dia niasa tao amin'ny—ny P.W.A. Tsy fantatro raha misy olona mba mahatadidy an'izany, hatramin'izao, na tsia, olona antitra tahaka ahy. Ary izany dia te—tetik'asa iray izay nataon'ny governemanta. Ary niasa tao ny rahalahiko, tany amin'ny telopolo maily tany. Nihady farihy maromaro izy ireo, tetik'asa anankiray ho an'ny fitehirizana.

⁸⁷ Ary nisy zazalahy iray niasa tao, niaraka taminy, avy any Indianapolis, teo amin'ny, oh, teo amin'ny zato maily any ambonin'i Jeffersonville izay i—ipetrahako, na nipetrahako. Ary nisy. . . Nilaza tamin'ny rahalahiko izy, indray andro, hoy izy hoe, “Doc,” hoy izy hoe, “izaho—izaho te. . . Hanambady aho, raha vao manam-bola fotsiny ampy handoavana an'ilay mpitory teny.” Hoy izy hoe, “Izaho—izaho dia manam-bola ampy hahazoako ny fahazoan-dàlako, saingy,” hoy izy, “tsy manam-bola ampy handoavana an'ilay mpitory teny aho.”

⁸⁸ Hoy i Doc hoe, “Eny, mpitory teny anankiray ny rahalahiko, ary—ary izy—izy dia afaka hanao ny fanambadianareo.” Hoy izy hoe, “Tsy mampandoa vola olona mihitsy izy ho an'ny zavatra tahaka an'izany.”

Hoy izy hoe, “Hanontaniana ve izy raha afaka hanao ny fanambadiako?”

⁸⁹ Eny, nanontany ahy ny rahalahiko tamin'io hariva io. Hoy aho hoe, “Raha mbola tsy nanambady izy taloha, na ny iray tamin'izy ireo, ka izy ireo dia. . . ara-dalàna ny zavatra rehetra.” Hoy izy hoe, “Eny, hia, hanontaniako izy.” Dia hoy aho hoe, “Raha izany, dia teneno aminy hoe, tongava.”

⁹⁰ Noho izany, rehefa tonga ny Sabotsy dia tonga ilay zazalahy. Tena zava-dehibe ho ahy, ny mitodika amin'izany foana. Izaho dia. . . Tolakandro nanorana, ary fiara Chevrolet tranainy anankiray, miaraka amin'ireo jirony mifatotra amin'ny tariby, no tonga, teo anoloana. Taoriana kelin'ny nahafatesan'ny vadiko mihitsy, ary tokan-tena aho, tao amin'ny efitra kely anankiroa. Ary—ary niaraka tamiko teo i Doc, niandry azy ireo.

⁹¹ Ary—ary nivoaka ny fiara ilay zazalahy, ary azo antoka fa tsy tahaka ny mpampakatra anankiray izy, ho ahy, na ho an'ny rehetra, heveriko. Hia. Izaho dia afaka nitondra. . . nividy kiraro tena tsara tarehy anankiray, teo amin'ny iray dolara sy sasany. Ary izy nanao anankiray, izay efa tonta. Ary ilay patalohany dia tena nalalaka be. Ary nanao ny anankiray amin'ireny palitao volory ireny izy. Tsy fantatro raha mahatadidy ny sasany aminareo olona nahazo taona ireo. Ilay izy dia toy ny hoe nampidirina tao amin'ny milina fanasan-damba nefa tsy nakobana, ary nihoritoritra ilay izy, nifatotra tahaka an'izao, ny sisiny niainga.

⁹² Ary ra—ramatoa kely anankiray no nivoaka tery amin'ny ilany, miaraka amin'ny, oh, karazan'ireny akanjo lava misoratsoratra ireny.

⁹³ Tsy haiko. Nanao fahadisoana aho tamin'ny fiantsoana an'ilay karazan-damba, indray andro. Gingham, mino aho fa izay no iantsoana azy. Ary noho izany ilay izy dia. . . [Mihomehy ny fiangonana—Mpand.] Mbola diso indray ny nilazako an'ilay izy. Izaho—izaho dia manao an'izany foana. Dia hoy aho. . .

⁹⁴ Nivoaka avy tao amin'ilay fiara izy, dia niakatra tamin'ny tohatra izy ireo. Ary—ary rehefa niditra izy ireo, ilay zavatra mampalahelo, izy... Ataoko fa, izy, izay rehetra mba hany nananany dia zipo anankiray. Ary tsy nanana kiraro izy, zara, teny aminy. Nanakana fiara izy avy any Indianapolis, nidinana. Nanana volo kely anankiray izy nidina, ny lamosiny, lava, karazana randrana tao amin'ny lamosiny. Toa tena tanora tokoa.

Dia hoy aho taminy hoe, "Efa ampy taona tsara mba hanambadiana ve ianao?"

⁹⁵ Dia hoy izy hoe, "Eny, tompoko." Dia hoy izy hoe, "Manana ny alàlana an-tsoratra avy tamin'ny raiko sy ny reniko aho." Hoy izy hoe, "Tsy maintsy nasehoko izany ho—ho an'ny fitsarana eto, mba hahazoako ny fahazoan-dàlako."

⁹⁶ Hoy aho hoe, "Eny àry." Hoy aho hoe, "Te-hanontany anareo kely fotsiny aho alohan'ny hanaovantsika ny mariazy." Nipetraka izy ireo. Nijery manodidina ny efitra ilay zazalahy; nitady taovolo mafy izy. Ary nijery manodidina ny efitra izy. Tsy nihaino ahy izy. Hoy aho hoe, "Anaka, tiako hihaino izay ho lazaiko ianao."

Hoy izy, "Eny, tompoko."

Dia hoy aho hoe, "Tianao ve ity zazavavy ity?"

Hoy izy hoe, "Eny, tompoko. Tiako."

Hoy aho hoe, "Ianao ve tia azy?"

"Eny, tompoko. Tiako."

⁹⁷ Hoy aho hoe, "Ankehitriny, manana toerana hitondrana azy ve ianao aoriana ny hivadianareo?"

Hoy izy, "Eny, tompoko."

⁹⁸ Hoy aho hoe, "Eny àry. Ankehitriny," hoy aho hoe, "Te-hanontany zavatra anankiray aminareo aho. Raha azoko, dia miasa ao amin'itsy P.W.A. itsy ianao."

Dia hoy izy hoe, "Eny, tompoko." Izany hoe eo amin'ny roa ambin'ny folo dolara isan-kerinandro.

Hoy aho hoe, "Heverinao ve fa afaka mamelona azy ianao?"

Hoy izy hoe, "Hataoko izay azoko hatao."

⁹⁹ Dia hoy aho hoe, "Eny, tena tsara izany." Ary hoy aho hoe, "Ankehitriny, ahoana raha toa izy ka tsy manana... Ahoana raha very asa izy, ranabavy? Inona no hataonao, hihazakazaka hiverina any an-trano ve, ho any amin'i mama, papa?"

Hoy izy hoe, "Tsia, tompoko. Hijanona hiara-hipetraka aminy aho."

¹⁰⁰ Dia hoy aho hoe, "Ahoana, tompoko, raha manana zanaka telo na efatra ianareo, tsy misy hamelomana azy ireo, fa tsy manana asa mihitsy ianao. Inona no hataonao, handroaka azy ve?"

101 Hoy izy, “Tsia, tompoko. Hitohy hiady aho. Ho vitanay izany, amin’ny fomba hafa.”

102 Nahatsapa ho kely aho. Ary hitako fa tena tiany tokoa izy, ary nifankatia izy ireo. Nataoko ny fanambadian’izy ireo.

103 Avy eo dia nanontany tena aho hoe aiza no nitondrany azy. Andro vitsy, dia nanontaniako ny rahalahiko, Doc, hoe aiza ilay izy. Hoy izy hoe, “Mandehana mankany New Albany,” tanàna kely eo ambaninay.

104 Ary teo amoron’ny renirano, izay nametrahako fanitso anankiray, izay nandehanako isan’andro tamin’izaho—izaho mbola mpametaka tariby. Tamin’izany ireo lehilahy sisa, nipetraka teo izy ireo, niresaka kivazivazy sy ny sisa, izaho kosa niakatra tao amin’ily kamiao ka nidina tao amin’ily renirano ary nivavaka nandritr’izany. . . ? . . . Ary namaky ny Baiboliko, teo ambanin’ny fanitso anankiray izay nisy orin’asa tranainy fandrendreham-by taloha. Nisy an’ireo trano-fiara tranainy nipetraka teo.

105 Ary ity tovolahy ity dia nandeha tany ka naka ny iray tamin’ireo trano-fiara ireo ary nanapahany varavarana anankiray izany. Ary naka gazety anankiray izy sy fantsika kely be loha.

106 Firy no mahafantatra hoe inona izany fantsika kely be loha izany? Tsy misy Kentuckiana ato, raha izany. Izany dia, makà baoritra anankiray ianareo, alenteho amin’ny ankihibe ny fantsika kely anankiray, rantsana kely anankiray. Dia atoseho ilay izy ao amin’ny. . . Izany no fantsika kely be loha.

107 Koa, nasian’izy ireo an’izany nanerana an’ily izy. Ary nandeha tany amin’ily orin’asa fandrendreham-by izy ary naka karazan-javatra ho azy, ary nanao tohatra anankiray, hiakarana. Ary naka kesika tranainy maromaro, ka nanaovany latabatra iray ho azy. Dia nieritreritra aho, indray andro hoe, “Ho any aho ary hahita hoe manao ahoana izy ireo.”

108 Teo amin’ny enim-bolana talohan’izany, dia nanao ny fanambadian’ny zanaka vavin’i E. V. Knight tamin’ny zanaka lahin’i E. T. Slider aho. E. V. Knight, iray amin’ireo lehilahy manan-karena indrindra izay misy eo amin’ny Renirano Ohio, ary, oh, ary mitantana an’ireo orin’asa lehibe any, manamboatra an’ireny trano voavoatra mialoha ireny, sy ny sisa. Ary—ary Slider, E. T. Slider, dia ilay tranombarotra momba ny fasika sy vatokely, zanaky ny mpanapitrisa. Ary nataoko ny fanambadian’izy ireo.

109 Ary tonga tany amin’ny toerana anankiray aho, namerimberina an’ily izy nandritry ny roa herinandro, dia niverina tao amin’ny efitra kely anankiray ary nandohalika teo ambonin’ny ondana iray. Ary ireo fisehosehoana rehetra sy ny sisa izay tsy mbola niaretako mihitsy, hatramin’izany,

dia tsy maintsy niaretako, mba hanaovana ny fanambadian'io mpivady io! Ary rehefa nivoaka izy ireo, ahoana, izy ireo dia . . . Ilay mpivady kely anankiray hafa dia nijanona tany fotsiny tao amin'ny efitra tranainy kely anankiray izay nahitanay seza lava kely anankiray sy fandriana azo avalona anankiray, nefa izy ireo dia samy natao fanambadiana tamin'ny fomba fanao iray ihany.

¹¹⁰ Ary avy eo, indray andro, dia nieritreritra aho fa handeha ka hamangy an'ilay mpivady manan-karena aho. Tsy nila niasa izy ireo, ny rain'izy ireo dia mpanapitrisa, nanao trano tsara tarehy ho azy ireo. Am-pahatsorana tanteraka, ity E. V. Knight ity, tany, teo ambonin'ilay havoana, ny fanokafambaravarany dia efarata amin'ny folo carat eo amin'ilay lapany lehibe, koa dia azonareo eritreretina hoe karazana trano inona no onenan'izy ireo. Tsy nila niasa izy ireo. Nanana Cadillac tsara tarehy izy ireo izay omena azy ireo isan-taona. Ary satria, zaza tokana, dia azon'izy ireo fotsiny ny zavatra rehetra izay nilain'izy ireo. Rehefa nandeha tany aho indray andro . . .

¹¹¹ Ankehitriny, ahoana no nahafantarako azy ireo, ny iray tamin'ny sakaizan'izy ireo dia tena sakaizako tsara anankiray. Karazan'ny mpinamana daholo izahay rehetra. Ary izany no nahafantarako, rehefa tiany ny hanaovako ny fanambadian'izy ireo.

¹¹² Koa dia nandeha namangy azy ireo aho. Nivoaka tamin'ilay Ford-ko tranainy aho, nivoaka, dia niakatra ny tohatra. Ary—ary niakatra aho, tena nanakaiky kely, dia nandre azy ireo aho. Ary tena nifamaly tanteraka izy ireo. Samy saro-piaro izy ireo. Tany amin'ny fandihizana anankiray izy ireo. Izy dia zazavavy tena tsara tarehy anankiray. Ary izy dia tahaka ny anankiray amin'ireny mpanjakavavin'ny hatsaran-tarehy ireny. Nahazo loka maro izy tany, ary nahazo fiara maro sy ny sisa, satria lasa mpanjakavavin'ny hatsaran-tarehy. Nijery azy ireo aho, ka ny anankiray nipetraka teny amin'ny zoron-trano iray ary ny iray tery amin'ny ilany, nifamaly momba ny zazalahy iray izay nandihy niaraka taminy, na zazavavy iray, zavatra tahaka an'izany.

¹¹³ Rehefa niakatra aho, dia nitsangana haingana mihitsy izy ireo ary nifampihazona nandeha teo amin'ilay gorodona, sy ny—ny tãnan'izy ireo, nandeha teo amin'ilay gorodona, nandroso nankeo amin'ny varavarana. Hoy izy ireo, “Ahoana, manao ahoana, Rahalahy Branham! Manao ahoana ianao?”

Hoy aho, “Tsara. Manao ahoana ianareo?”

¹¹⁴ Dia, “Oh,” hoy izy hoe, “Izaho—izaho. . . Tena sambatra izahay. Sa tsy izany, malala?”

Dia hoy izy hoe, “Eny, malala.” Hitanareo?

¹¹⁵ Ankehitriny, hitanareo, hitafy zavatra izay tsy tena misy ianareo. Ankehitriny, tsy afaka ny hafana amin'ny alàlan'ny

sarin'afô ianareo, tahaka ny sasany amin'ireo fiangonana izay miezaka manao sarin'ny pentekosta, avy amin'ny zavatra izay efa niseho arivo taona lasa na roa arivo taona lasa. Tsy afaka ny hafana amin'ny alàlan'ny sarin'afô ianareo. Ny Pentekosta dia tena zava-misy amin'izao andro izao tahaka ny nahazany azy tamin'izany fotoana izany. Hitanareo? Hia. Mbola milatsaka foana ilay Afo. Tsy sarin'afô anankiray Izany. Tena Afo Izany.

¹¹⁶ Noho izany, izy ireo, dia teo fotsiny izy ireo. Hitanareo? Izaho—izaho tsy tia miaina tahaka an'izany.

¹¹⁷ “Oh,” nieritreritra aho hoe, “fantatrao, eo ambanin'io havoana misy hantsana eo io ary eo akaikin'ilay renirano, dia ao no itoeran'ilay mpivady anankiray.” Nieritreritra aho hoe, “Indray Sabotsy tolakandro dia handalo any aho ka hahita hoe nanao ahoana izy ireo.”

¹¹⁸ Koa izaho, naloto ny endriko, ary naloto ny fitafiako, ny fitaovako teny amiko. Nieritreritra aho hoe, “Handalo eo amin'izy ireo aho.” Nandalo teo aho toy ny hoe nandinika an'ireo famonosan-tariby sao napoakan'ny tselatra na zavatra tahaka an'izany, ary dia nandeha nanaraka an'ilay taribin'ny telefona aho, ireo tadin'ny herin'aratra manamorona an'ilay renirano. Ary teo ilay Chevrolet tranainy, nipetraka teo anoloana. Teo amin'ny herintaona taty aoriana, taorian'ny nanaovako ny fanambadian'izy ireo. Ary teo dia nisy ny—ny... Nisokatra ilay varavarana, ka afaka nandre azy ireo niresaka aho. Mety ho toy ny hoe mphihatsaravelatsihy anankiray ity, saingy nanatona akaiky mihitsy aho mba hahafahako mihaino, hahita hoe inona no lazain'izy ireo. Nitsangana teo aho. Ary te-hahafantatra fotsiny aho, ho ahy manokana.

¹¹⁹ Tiako ny hahita mba hanana antoka fa fantatro izay lazaiko. Izany no fomba izay ataoko mikasika ny Tenin'Andriamanitra. Izany ve no Fahamarinana, sa tsy Izany no Fahamarinana? Hihazona ny Teniny ve Izy, sa tsy mihazona ny Teniny Izy? Raha tsy mihazona ny Teniny Izy, dia tsy Andriamanitra Izy izany. Hitanareo? Raha mihazona ny Teniny Izy, dia Andriamanitra Izy. Hitanareo?

¹²⁰ Ka noho izany dia te-hahita aho hoe nanao ahoana izy ireo. Ary nandalo nanaraka an'ilay sisiny aho, tena moramora. Reko izy nanao hoe, “Oh, malala, tiako ho vidiana ho anao io, tena tiako.”

¹²¹ Hoy izy hoe, “Ankehitriny, jereo, malalan'ny foko.” Hoy izy hoe, “Tsara io akanjo io.” Hoy izy hoe, “Ahoana, tena tsara tarehy tokoa ilay izy.” Hoy izy, “Mankasitraka an'izany aho. Saingy hitanao...”

¹²² Nanatona aho, mba hahafahako hijery avy ao amin'ilay lavaka kely, fa nisokatra ilay varavarana tao amin'ilay

trano-fiara. Ary teo izy, nipetraka teo, ary izy teo ambonin'ny lohaliny; ary ny sandriny nanodidina azy, ary ny sandriny nanodidina azy. Ary nanana ny iray tamin'ireny satroka be sofiny tranainy ireny izy, ary nasiany lavaka kely, nofisahiny ilay izy, ilay tampony, ary navoakany ny karamany, nataony tao. Izy—izy no nandahatra azy teo ambonin'ilay latabatra. Hoy izy, “*Izao ho an'ny vidintsakafo. Izao ho an'ny fiantohana. Ary izao ho an'ny fiara.*” Tsy nety tratran'izy ireo indray mandeha ilay izy. Teo vao azoko, fa nahita akanjo kely anankiray tao anaty trano fitaratra izy tany, mety ho herinandro vitsivitsy no nijerenty azy, ary iray dolara mahery no vidiny. Tiany ny hividy an'ilay izy. Hoy izy, “Eny, malala, tena ho tsara tarehy ianao ao anatin'io.” Dia hoy izy. . .

¹²³ Hoy izy hoe, “Saingy, malala, izaho—izaho efa manana akanjo anankiray. Izaho—izaho tena tsy mila an'io.” Hitanareo? Ary ilay mpanjakavavy kely. . .

¹²⁴ Nihemotra aho, ary niandrandra. Hitako ilay—ilay tilikambo teo an-tampon'ilay trano hafa. Nitsangana teo aho ary nijery, nandritry ny minitra vitsy. Nieritreritra aho hoe, “Iza no lehilahy manan-karena?” Nieritreritra aho hoe, “Raha, ry Bill Branham, raha asaina misafidy toerana ianao, aiza no halehanao?” Ho ahy, dia tsy haka an'io zavatra tsara tarehy ery an-tampon'ilay havoana mihitsy aho. Ity toetra eto ambany eto ity no halaiko, ho tena mpikarakara tokantrano anankiray, olona iray izay tia ahy sy hiaraka hipetraka amiko, olona iray izay niezaka hanorina tokantrano anankiray; fa tsy hampivoa-drà anareo amin'ny zavatra rehetra, ho an'ny firavaka; fa olona iray izay momba anareo, ampahanareo.

¹²⁵ Miraikitra amiko foana izany, ny amin'ilay izy. Ny anankiray nifidy zazavavy tsara tarehy, ny anankiray hafa nifidy toetra. Ankehitriny, izany no fomba tokana hahafahanareo mifidy. Voalohany, tadiavo ny toetra ary, avy eo, raha tianareo izy. Tsara.

¹²⁶ Mariho, ilay Adaman'Andriamanitra voalohany dia tsy nanana safidy mihitsy, ho an'izay ho vadiny. Tsy nanana safidy izy. Nanao anankiray ho azy fotsiny Andriamanitra, fa tsy nahazo nifidy azy izy. Noho izany dia hitantsika fa nanodina azy niala tamin'ny Tenin'Andriamanitra izy. Tsy afaka nivavaka ho an'ilay zavatra izy. Izy—izy—izy tsy mba tahaka anareo sy izaho. Tsy nanana safidy izy. Ary izao koa, tamin'ny fanaovana an'izany, dia nanala azy teo amin'ilay tena toerany marina izy tamin'ny maha-zanak'Andriamanitra azy. Ary nataony tamin'ny alàlan'ny fanehoana taminy ny fomba fiainana moderina kokoa izany, zavatra izay tena tsy tokony nataony mihitsy. Fa ilay toetrany no naneho fa diso izy. Ireo antony sy tanjony dia diso fotsiny izao. Ary nandresy

lahatra azy, tamin'ny alàlan'ny fiheverany, fa ilay hazavana vaovao moderina izay hitany, izay nifanohitra tamin'ny Tenin'Andriamanitra, no fomba fiainana tsaratsara kokoa.

¹²⁷ Ary vehivavy firy amin'izao andro izao, na ny mifamadika amin'izany, ny lehilahy, no afaka misintona vehivavy tsara anankiray hanalavitra an'Andriamanitra, na hisintona lehilahy tsara anankiray hanalavitra an'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny fiezahana miteny aminy hoe, “Io fivavahana io, ianao izay zazalahy Pentekotista! Io fivavahana io,” hoy izy ireo hoe, “oh, fanao tranainy Io. Lany andro Izany. Aza mino an'Io ianao.” Tsaratsara kokoa ho anareo ny mivavaka mafy alohan'ny hanambadianareo an'izany zazavavy izany. Tsy ahoako na tsara tarehy toy ny inona aza izy. Tahaka izany koa ho an'ny lehilahy anankiray.

¹²⁸ Noreseny lahatra izy hiala amin'ny sitrapon'Andriamanitra ka nahatonga azy nanao ny zavatra izay tsy tokony nataony, ary, tamin'ny alàlan'izany, no nahatonga ny fahafatesana tamin'ny taranak'olombelona rehetra. Izany no mahatonga ny Baiboly mandrara azy tsy hampianatra, na hitory teny, na hikirakira ny Tenin'Andriamanitra, amin'ny fomba rehetra.

¹²⁹ Fantatro, ranabavy, fa maro aminareo no manao hoe, “Ny Tompo no niantso ahy hitory teny.”

¹³⁰ Tsy hiady hevitra aminareo aho. Fa hiteny aminareo kosa aho, fa ny Teny no milaza aminareo tsy hanao an'izany. “Tsy hampianatra izy, na hanam-pahefana, fa hangina.”

“Eny,” hoy ianareo hoe, “ny Tompo no niteny tamiko hanao an'izany.”

¹³¹ Tsy misalasala ny amin'izany aho na kely aza. Efa nandre ny Hafatro ve ianareo indray hariva mikasika an'i Balama? Balama no nahazo an'ilay fanapahan-kevitr'Andriamanitra voalohany, mazava tsara hoe, “Aza manao an'io.” Fa nanohy ny hadalana izy hany ka niteny taminy Andriamanitra tamin'ny farany hanaovany an'ilay izy.

¹³² Mety mamela anareo hitory teny Andriamanitra. Tsy milaza aho hoe tsy mamela Izy. Saingy tsy mifanaraka amin'ny Teniny tany am-piandohana sy ny drafitra izany. “Fa tsy maintsy manaiky izy, arak'izay lazain'ny lalàna ihany koa.” Izany no marina. Noho izany, dia tsy natao hanao an'izany izy.

¹³³ Ankehitriny, mariho indray koa hoe ahoana no anaovan'ilay ampakarina ara-nofa tandindona an'ilay arapanahy. Ny Teny no milaza, hoe, “Izy no natao ho an'ny lehilahy, fa tsy ny lehilahy no natao ho azy.”

¹³⁴ Ankehitriny aho dia hiresaka, ary ahoana, ao anatin'ny minitra vitsy, ny amin'ilay Ampakarin'i Kristy, saingy hiezaka aho ny haneho aminareo ny fizotran'izany.

¹³⁵ “Ny vehivavy no natao ho an’ny lehilahy, fa tsy ny lehilahy no natao ho an’ny vehivavy.” Izany no antony, teo ambanin’ny lalàna fahiny, naha-ara-dalàna ny fampirafesana. Jereo i Davida izay nipetraka teo niaraka tamin’ny vady dimanjato, nefa ny Baiboly no nilaza hoe, “Izy dia lehilahy araka ny fon’Andriamanitra.” Miaraka amin’ny vady dimanjato, ary i Solomona niaraka amin’ny arivo, nefa na ny anankiray tamin’ireo vehivavy ireo aza dia tsy nahazo nanana vady anankiray hafa.

¹³⁶ Manana ny horonam-peoko ianareo ny amin’ny *Fanambadiana Sy Fisaraham-panambadiana*. Izany, teo antampon’ilay tendrombohitra tany Tucson, vao tsy ela akory teto, tany aho no nivavaka mikasika an’izany. Noravan’izy ireo ny sekoly, mba hijerena an’ilay Andry Afo nanao faribolana an’ilay tendrombohitra ka niditra tao anatin’ny latonoara anankiray, nandroso sy niverina, ambony sy ambany. Misy olona eto mahafantatra an’izany, tany ary nahita an’izany; ary Izany. . . rehefa niteny tamiko Izy ny Fahamarinana momba ny resaka fanambadiana sy fisaraham-panambadiana. Raha misy antoko anankiray mandeha amin’ity lalàna ity, ary anankiray mandeha amin’ity lalàna ity, dia tsy maintsy misy Fahamarinana iray izany any ho any. Taorian’ireo Tombokase Fito ireo, dia Nasehony tamiko hoe inona ilay Fahamarinan’izany.

¹³⁷ Mariho, ankehitriny, tsy nahazo nanana afa-tsy vady anankiray izy, satria, “Ny vehivavy no natao ho an’ny lehilahy, fa tsy ny lehilahy no natao ho an’ny vehivavy.” Io vehivavy dimanjato rehetra io dia vadin’i Davida daholo, ary tandindona anankiray izy tamin’izany. Rehefa mipetraka eo amin’ilay Seza fiandrianana Kristy ao amin’ilay Arivo taona, dia tsy ho olona anankiray no ho Vadiny, fa ho iray alina izany, ny Ampakarina, ny rehetra ao amin’ny Anankiray. Ary nanana vady maro i Davida, nalaina tsirairay, saingy izy rehetra miaraka kosa no vadiny. Tahaka ny hoe ny Vatan’ireo mpino rehetra no Ampakarin’i Kristy, satria Izy no Izy, ilay vehivavy. Izy no ilay Lehilahy. Ankehitriny, isika no natao ho an’i Kristy. Kristy tsy natao ho antsika.

¹³⁸ Izany no ezahantsika hatao amin’izao andro izao ao amin’ireo boky fianarantsika, dia ny miezaka hanao an’ilay Teny (izay Kristy) hifanaraka amintsika, raha tokony hiezaka hanao ny tenantsika hifanaraka amin’ilay Teny. Izany ilay fahasamihafana.

¹³⁹ Rehefa mifidy zazavavy anankiray avy ao amin’ny fianakaviana iray ny lehilahy, dia tsy tokony hiantehitra amin’ny hatsaran-tarehy izy, fa mamitaka ny hatsaran-tarehy. Ary ny hatsaran-tarehy, hatsaran-tarehy moderin’izao tontolo izao, dia avy amin’ny devoly.

“Oh,” nandre olona anankiray aho niteny tany hoe, “mitandrema tsara eto, ry mpitory teny!”

¹⁴⁰ Lazaiko fa ireny zavatra eto ambonin'ny tany ireny, izay antsoina hoe tsara tarehy, dia avy amin'ny devoly tanteraka. Hoporofoiko aminareo izany. Koa, ao amin'ny fahazavan'izao fandinihana izao, dia ndao isika hitady ny Teny masin'Andriamanitra, mba hahitana na marina izany na tsia. Fa ny sasany aminareo vehivavy dia te-ho tena tsara tarehy! Jereo hoe avy aiza izany. Tamin'ny voalohany, dia hitantsika fa tena tsara tarehy i Satana hany ka namitaka an'ireo Anjely izy. Ary izy no Anjely tsara tarehy indrindra tamin'izy rehetra. Maneho izany, fa ao amin'ny devoly no itoeran'izany. Nilaza ny Ohabolana, hoy Solomona hoe, "Zava-poana ny hatsaran-tarehy." Marina izany. Tsara tarehy ny fahotana. Azo antoka, fa izany izy. Manintona izy.

¹⁴¹ Te-hanontany anareo aho, ka hilaza zavatra aminareo eto. Tiako ianareo hanamarika, mandritry ny minitra vitsy. Avy amin'ireo karazana rehetra eto amin'izao tontolo izao, ny vorona, ny biby, dia hitantsika fa ao amin'ny fiainan'ny biby, ny rehetra ankoatry ny olombelona, dia ny lahy no tsara tarehy, fa tsy ny vavy. Nahoana izany? Jereo ny... Jereo ny diera, ilay—ilay lahin'osy lehibe miaraka amin'ireo tandrony, sy ilay diera vavy kely. Jereo ny—ny akohovavy, ilay akohovavy kely, misy pentipentina, sy ilay akoholahy lehibe tsara volo. Jereo ny vorona lahy sy ny vorona vavy. Jereo ny ganagana lahy sy ny vavy. Hitanareo? Ary tsy misy karazana anankiray eto amin'izao tontolo izao, izay natao, ka mahay mamitaka sy manambany tena afa-tsy ny vehivavy.

¹⁴² Ankehitriny, ranabavy, aza mitsangana ka mivoaka. Andraso fotsiny mandra-pahatonga antsika handre ny faran'Ity. Hitanareo? Hitanareo?

¹⁴³ Tsy misy na inona na inona, tsy misy vavy ankoatry ny vehivavy anankiray, no mety ho ratsy toetra. Ianareo manao ny alika hoe "alika vavy anankiray," ianareo manao ny kisoa anankiray hoe "ki—kisoa vavy anankiray," fa, ara-toetra, dia mbola manana toetra tsara lavitra noho ny antsasaky ny mpilalao sarimihetsika eto izy ireo. Tsy mety ho zavatra hafa afa-tsy ho tsara toetra izy ireny.

¹⁴⁴ Ary ny vehivavy no anankiray izay niova, noho ny fanimbana. Marina izany. Jereo hoe mitondra azy aiza ilay hatsaran-tarehy? Ankehitriny, izany no antony hoe, amin'izao andro izao, isika dia mahita fa mitombo ny hatsaran-tarehin'ny vehivavy. Alaivo i Pearl O'Brien, efa mba nahita ny sariny ve ianareo? Natao ho hatsaran-tarehy lehibe an'i Amerika izy. Tsy misy mpianatra an-tsekoly avy amin'ny sekoly rehetra izay tsy nametraka azy teny amin'ny—ny laharana farany. Fantatrareo ve fa natao ho izany ilay izy? Fantatrareo ve fa ny Baiboly no miteny fa ho tahaka an'izany ilay izy?

¹⁴⁵ Fantatrareo ve fa avy tamin'ny vehivavy ny fahalavoana tany amin'ny voalohany? Ary ny fahalavoana... Ary ny farany

dia hifarana amin'ilay fomba mitovy ihany, vehivavy miditra ao amin'ny fahefana ary manapaka ny lehilahy, sy ny sisa. Fantatrareo ve izay lazain'ny Soratra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Fantatrareo, ny andro anaovany ny fitafian-dehilahy, ka manapaka ny volony, ireo zavatra rehetra ireo dia mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra daholo. Ary fantatrareo ve fa izy no maneho ny fiangonana? ["Eny."] Rehefa mijery ny ataon'ireo vehivavy ianareo, dia hahita izay ataon'ny fiangonana. Tena marina tanteraka izany. Ankehitriny, ankehitriny, tena marina mihitsy tahaka ny maha-marina ny Tenin'Andriamanitra izany.

¹⁴⁶ Tsy misy vavy hafa izay natao ka afaka manambany tena tahaka ny ataon'ny vehivavy anankiray. Kanefa, noho io, tamin'ny nanaovana azy ho tsi- . . .

¹⁴⁷ Tsy tao amin'ny famoronana tany am-piandohana izy. Ny vavy sisa rehetra dia tao amin'ny famoronana tany am-piandohana avokoa: ny vorona, lahy sy vavy; ny biby, lahy sy vavy. Fa, tao amin'ny fiainan'olombelona kosa, dia lehilahy iray ihany no nataon'Andriamanitra, ary naka avy tao aminy Izy. Ny vehivavy anankiray dia vokatra avy ao amin'ny lehilahy, satria tsy nanao manokana ny zavatra toy izany Andriamanitra. Zahao ny Soratra. Tena marina tokoa. Andriamanitra, tsia, tompoko, ao amin'ny Famoronany tany am-piandohana. Napetraka tao izy.

¹⁴⁸ Saingy raha mahay mihazona ny tenany ho mahitsy izy, ho valisoa lehibe toy ny ahoana no azony noho ny an'ny lehilahy. Napetraka tao anatin'ny fizahan-toetra anankiray izy. Avy taminy no nahatongavan'ny fahafatesana. Izy no meloka ny amin'ny fahafatesana rehetra. Saingy avy eo dia nihodina Andriamanitra ka nampiasa anankiray mba hamerina ny Fiainana indray; nitondra ny Zanany tamin'ny alàlan'ny vehivavy, mpankato anankiray. Fa ny anankiray ratsy dia ilay—ilay ratsy indrindra izay misy; tsy misy ambany tahaka an'izany na inona na inona.

¹⁴⁹ Kaina, zanak'i Satana, dia nihevitra fa nanaiky ny hatsaran-tarehy Andriamanitra. Mbola mihevitra izy amin'izao andro izao. Kaina no zanak'i Satana. "Oh, ankehitriny!" hoy ianareo. Tsy hiditra amin'ny antsipirian'izany isika, fa mamelà ahy fotsiny hamita an'ilay izy ho anareo. Ny Baiboly no nilaza fa izy "no ilay ratsy." Noho izany, dia vita hatreo izany. Eny àry. Ankehitriny, izy no zanak'i Satana. Ary dia nihevitra izy fa, ny manangana alitara anankiray ka manao an'ilay izy ho tena tsara tarehy ho an'ny fanompoana, dia izany no hajain'Andriamanitra.

¹⁵⁰ Izy ireo dia mihevitra, mihevitra ny zavatra mitovy amin'izany amin'izao andro izao. Azo antoka. Izao, "Manorina tranobe goavana anankiray izahay. Hanana

anaram-piangonana goavana izahay. Hanao ny tranobe lehibe indrindra sy ny olona tsara akanjo indrindra izahay, ilay mpitondra fivavahana mahay indrindra.” Matetika Andriamanitra dia any amin’ny folo tapitrisa maily lavitra an’izany. Marina izany. Kanefa, dia fiangonana anankiray izany.

¹⁵¹ Noho izany, raha fanompoana fotsiny no hajain’Andriamanitra, fahatsoram-po, fanatitra, dia tena marina tahaka an’i Abela mihitsy i Kaina. Saingy ilay izy dia avy amin’ny fanambarana, no nahazoany fa tsy paoma no nohanin’ny raiamandreniny.

¹⁵² Hilaza zavatra anankiray aho eto izay tsy ho tsara ho an’ny mpitoriteny anankiray, saingy ho lazaiko ilay izy, na izany aza. Mandre an’ireo sasany aho milaza zavatra, ary dia milaza vazivazy kely. Tsy te-hanao an’izany aho. Izao no nolazaiko, tamin’izany, “Raha ny fihinanana paoma no nahatonga ny vehivavy hahalala fa nitanjaka izy ireo, dia tsaratsara kokoa ho antsika ny mandefa paoma indray.” Hitanareo? Hitanareo? Ah-hah. Mamelà ahy ny amin’izany, fa mba hiovan’ilay izy fotsiny. Namatotra anareo mafy loatra teo aho, ary niresaka momba ny vehivavy, sy ny sisa. Izaho—izaho—izaho te-hanala voly anareo iray minitra, ny amin’ny hoe inona no ho avy manaraka. Ankehitriny, mariho, ianareo. Tsy paoma ilay izy. Fantatsika izany.

¹⁵³ Ilay fiangonana amin’izao andro izao dia lasa, miaraka amin’ireo zava-bitany, tahaka ny zava-bitana nataon’olombelona hafa rehetra, dia lasa siantifika. Miezaka manao fiangonana siantifika anankiray izy ireo, amin’ny alàlan’ny fanintonan’ireo sary sy tilikambo lehibe. Ary tena mampalahelo mihitsy fa tafiditra ao anatin’izany lavaka izany ny Pentekotista. Tsaratsara kokoa ho anareo ny miaraka amin’ny amponga anankiray, ery amin’ny zoron-dàlana, ary ny Fanahin’Andriamanitra manodidina anareo. Saingy miezaka ianareo ny mitaha amin’ny sisa amin’izy ireo, satria lasa anaram-piangonana ianareo. Izany no nataon’ilay izy. Hitanareo? Miezaka ny ho siantifika ny fiangonana.

¹⁵⁴ Ary tsarovy, raha mahavita fivoarana amin’ny alàlan’ny siansa ny olona, dia mamono ny tenany isan’andro izy izay. Rehefa namorona ny vanja izy, dia jereo izay nataon’izany. Rehefa namorona ny fiarakodia izy, dia mamono be lavitra noho ny vanja ilay izy. Ankehitriny manao baomba misy entona anankiray ho an’ny tenany izy. Manontany tena aho hoe hanaovan’izy ireo inona izany? Marina.

¹⁵⁵ Ary toy izany koa ny fiangonana, fa miezaka ny mamita zavatra amin’ny alàlan’ny siansa izy, amin’ny alàlan’ny planina nataon’olombelona, hitondra anareo hanalavitra hatrany an’Andriamanitra izany, sy ao amin’ny fahafatesana, mihoatra

lavitra noho ny tany amin'ny voalohany. Marina izany. Aza mifidy ny fiangonanareo amin'ny fomba mitovy amin'izay nifidiananareo ny vadinareo. Hitanareo? Ny nataon'ny siansa ho azy dia zava-mahafinaritra anankiray, fa tsaratsara kokoa ho anareo ny mampanalavitra ny fiangonanareo amin'izany; nanao lokon-tarehy izy, vovoka, sy ireo zavatra hafa rehetra ireo. Mifidiana araka ny toetran'ny Teniny.

¹⁵⁶ Ankehitriny ndao isika hampitaha ny ampakarina arano fon'izao andro izao amin'ilay heverina ho fiangonana ampakarint'izao andro izao. Ampitahao ny vehivavy anankiray, handeha hanambady amin'izao andro izao.

¹⁵⁷ Ankehitriny, jereo fotsiny izay nataon'ny siansa ho azy. Mivoaka izy, aloha, miaraka amin'ny volony noboriana, miaraka amin'ny anankiray amin'ireny taovolon'i Jacqueline Kennedy ireny, hitanareo, na zavatra tahaka an'izany. Ary fantatrareo ve izay lazain'ny Baiboly? Ny Baiboly dia manome tokoa ho an'ny lehilahy anankiray, raha tiany, ny zo handroaka azy amin'ny fisaraham-panambadiana, raha manao an'izany izy. "Vehivavy iray tsy manome voninahitra izy, raha manapaka ny volony." Ny Baiboly no niteny an'izany. Marina. Efa fantatrareo ve izany? Hah? Oh, hia! Mitory teny be loatra aho ao California mba tsy hahafantaranareo azy. Marina izany. Oh, hia! Inona no soa vitan'izany amiko? Hanao an'ilay izy foana izy ireo, na izany aza. Tsy afaka haka kisoa anankiray ianareo ka hanova ny anarany, hahatonga azy ho zanak'ondry anankiray. Mariho.

¹⁵⁸ Hankahala ahy ianareo aorian'izao, saingy ho fantatrareo ny Fahamarinana. Hitanareo?

¹⁵⁹ Jereo. Ndao isika hampitaha an'ilay izy. Indro izy tonga miaraka amin'ireo lokon-tarehy manontolo, zavatra izay tsy maha-izy azy, ampakarina moderina anankiray. Raha manasa ny tarehiny izy, dia handositra azy izy, angamba. Tena hampatahotra be anareo, raha esorina aminy ireo karazan-javatra rehetra ireo. Ary tahaka an'izany koa ny fiangonana miaraka amin'ilay anoloana lehibe, voaloko, Max Factor teoljika feno anankiray. Ah-hah. Izy roa samy manana ta-tarehy tsara, sandoka eny aminy, hatsaran-tarehy nataon'olombelona fa tsy hatsaran-tarehy nataon'Andriamanitra. Tsy dia misy toetra betsaka ao amin'ny tsirairay amin'izy ireo.

¹⁶⁰ Mariho, tahaka an'i Satana mihitsy, ampy mba hamitahana, dia ampitahao aminy ilay ampakarina moderina ankehitriny: manao sorta, manao lokon-tarehy, manapaka ny volony, manao fitafy mitovy amin'ny lehilahy, ary mihaino pasitera anankiray izay niteny taminy fa mety tsara izany. Mpamitaka anankiray izy. Hijaly izy noho izany any amin'ilay faritra any ankoatra any. Marina izany. Manao an'izany mba hamitahana, lasa zavatra izay tsy maha-izy azy.

¹⁶¹ Izany no fomba ataon'ny fiangonana, manana DD. lehibe, Ph.D., LL.D. Dia hilaza ianareo hoe, "Ny pasiteranay dia *ity, izao na ny hafa*," angamba tsy mahafantatra ny momba an'Andriamanitra mihoatra noho ny hahafantaran'ny Hottentot anankiray momba ny alina Egyptiana akory. Marina izany. Marina. Fahatsapana ara-teolojika anankiray an'ny seminera tany, nefa tsy mahafantatra na inona na inona ny momba an'Andriamanitra.

¹⁶² Ireo fiangonana moderina sy ireo lokon-tarehiny ara-teolojika, dia manana an'ireo vehivaviny izay nanaratra ny voninahiny, tamin'ny alàlan'ny ricky anankiray sy pasitera anankiray izay nananany, mitovy amin'i Jezebela anankiray raha mbola tsy nahita anankiray aho. Volo tapaka, sorta, lokon-tarehy, ny rehetra dia mifotetaka ao anatin'ny tsiro ara-teolojia daholo, izany no toerana misy ny fiangonana. Marina. Saingy ilay toetrany ara-panahy dia lavitra an'ilay ho lasa mpikarakara tokantrano izay ho raisin'i Jesusy Kristy.

¹⁶³ Raha Kristiana anankiray no hanambady vehivavy iray tahaka an'izany, dia izany no maneho fa nazera niala tamin'ny fahasoavana izy. Ilay tsirony an'Andriamanitra sy ilay tsirony ho an'ny tokantrano, izay tokony haha-izy an'ilay tokantrano, dia lavitra, rehefa mifidy vehivavy iray tahaka an'izany izy. Tsia, tempoko. Azo antoka fa tsy hety amin'ny tsiro Kristiana anankiray izany. Ilay toetrany ara-panahy dia faran'izay ambany indrindra, maty, ao anatin'ilay hatsaran-tarehy ara-anaram-piangonana sy ny filàn'izao tontolo izao.

¹⁶⁴ Eo amin'izany mihitsy no misy ny fiangonana amin'izao andro izao, nivarotra ny toetrany nomen'ny Teny tamin'i Satana, ho an'ny fivavahana siantifika anankiray nataon'olombelona. Nefa, nanana an'ilay zo izy, amin'ny maha-fiangonan'Andriamanitra azy, ny hijanona miaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra sy hahazo ny Fanahy Masina hiasa eo anivony, hampiray an'ilay Vatana amin'ny Teny sy ny fitiavan'Andriamanitra. Raha tokony ho izany, dia nivarotra ny fizokiany izy, tahaka an'i Esao, ka naka anaram-piangonana anankiray, namela azy hanao an'izany, izay rehetra tiany hatao, marina, mba halaza fotsiny tahaka ny nataon'ny reniny tany Nise Roma. Ny Tenin'Andriamanitra!

¹⁶⁵ Oh, toy inona no nidiran'izany tao amin'ny fanjakantsika Pentekotista! Tena mampalahelo ilay izy, saingy izany ilay izy.

¹⁶⁶ Mariho, iray minitra fotsiny, masera anankiray ao amin'ny fiangonana Katolika. Io vehivavy io, mba ho lasa masera anankiray, sy haka an'ilay voaly farany, dia tena nanolotra ny tenany tanteraka ho an'ilay fiangonana izy. Izy dia (fanahy, vatana, ary saina) fananan'io fiangonana io. Tsy tompon'ny fisainany manokana intsony izy. Izy dia tsy mahazo, rehefa maka an'io voaly farany io izy, tsy manana ny fisainany

manokana intsony, tsy ny sitrapony manokana intsony. Hitanareo eto, fa i Satana no manao azy ireny ho sandony, tahaka ny marina.

¹⁶⁷ Ilay Fiangonan'i Kristy marina, ilay Ampakarina, dia tena nanolotra ny tenany ho Azy sy ho an'ny Teniny nampanantenaina, hany ka ilay tena fisainana izay ao amin'i Kristy mihitsy no ao aminareo. Fahasamihafana manao ahoana!

¹⁶⁸ Ary hitantsika amin'izao andro izao, fa, ilay fiangonana moderina, dia fiangonana moderin'izao tontolo izao. Ilay fiangonana moderin'izao tontolo izao sy ilay Fiangonana arapanahy io dia samy bevohoka, mba hiteraka zanaka.

¹⁶⁹ Ny iray amin'izy ireo, fahaterahana ara-anaram-piangonana anankiray, dia tsy maintsy ho teraka, indray... andro, amin'ny... izany andro izany, ao amin'ny Fivoriamben'ny Fiangonana Maneran-tany, izay hamokatra an'ily antikristy ho an'izao tontolo izao, amin'ny alàlan'ny anaram-piangonana. Izany marina tokoa no Fahamarinana. Mety tsy ho velona mba hahita an'izany aho. Mino aho fa ho izany. Fa, ianareo olona tanora, tadidio fa nandre mpitoriteny anankiray ianareo niteny an'izany. Ho eo izany amin'ny farany. Ary izany no mariky ny bibi-dia, rehefa manao an'io Fivoriamben'ny Fiangonana Maneran-tany io izy. Ary hiteraka ny zanany izy, dia ilay antikristy.

¹⁷⁰ Ilay anankiray hafa dia ho bevohokan'ny Tenin'Andriamanitra ary hiteraka an'ily Vatana, ilay Vatan'i Jesusy Kristy efa vita, dia ilay Ampakarina. Tsy mbola vita akory ilay Vatan'i Kristy. Firy no mahafantatra an'izany? Ny lehilahy sy ny vehivavy dia iray. Ary Kristy dia Vatana iray, ilay Teny. Ny Ampakarina no tsy maintsy ho ny sisa amin'io Vatana io. Ary izy roa, miaraka, no manao an'ily Vatana anankiray indray. Tahaka an'i Adama tany amin'ny voalohany: lehilahy, ny vadiny, dia iray. Ankehitriny, Izy, ilay tena Ampakarina, izay nanolotra tanteraka ny tenany ho Azy, mba tsy Hampiasany ny fisainany Manokana. Ny Fisainany, mazava ho azy, dia ny Sitrapony, ary ny Sitrapony dia ny Teniny.

¹⁷¹ Ankehitriny jereo ilay heverina ho ampakarina nofidian'ny lehilahy, dia ampitahao ilay ara-panahy amin'ily aranofo'izao tontolo izao, Jezebel moderina anankiray namosavian'ily Ahabany, hatsaran-tarehin'i Max Factor, sy ny sisa. Jereo ilay fiangonana, mitovy, saingy mpivaro-tena anankiray amin'ily Tenin'Andriamanitra velona; anaram-piangonana goavana, tranobe goavana, vola be, karama be, nanolotra ny tenany tanteraka. Ireo lehilahy dia mitsangana eo amin'ny polipitra ka mankasitraka fa mety tsara izany, ary mamela azy ireo hila mindamina amin'izany. Famitahana

fotsiny, izay ihany. Tena Taonan'ny Fiangonana Laodikia jamba marina tokoa, tena arak'izay nilazan'ny Baiboly fa hisy mihitsy. “Hoy ianao, ‘Manan-karena aho. Mipetraka ho mpanjakavavy aho. Tsy manan-java-mahory aho.’ Nefa tsy fantatrao fa ianao ilay ory, mahantra, jamba, malahelo, mitanjaka: nefa tsy mahafantatra an'izany.” Raha tsy izany no HOY NY TOMPO HOE, Apokalypsy 3, dia mbola tsy voavakiko mihitsy Izany. Izany izy, nefa tsy mahafantatra an'izany! Eritrereto izany.

¹⁷² Raha hiteny amin'ny lehilahy iray ianareo na vehivavy iray, eny an-dàlambe, hoe mitanjaka tanteraka izy, ka miteny aminy hoe mitanjaka izy, dia hoy izy ireo hoe, “Ny asanao manokana karakaraina,” nahoana, misy tsy fahampiana ara-tsaina any ho any. Misy zavatra tsy mety ao amin'ny fisainan'izy ireo.

¹⁷³ Ary rehefa afaka mamaky ny Tenin'Andriamanitra ianareo, hoe ahoana no hataon'ireo olona ireo, sy izao batisan'ny Fanahy Masina izay ananantsika amin'izao andro izao, dia, ireo olona, ahoana, mijery anareo izy ireo toy ny hoe adala ianareo. Miteny aminy ianareo hoe, “Ianareo dia tokony...” Tsy maintsy ateraka indray izy ireo. Tsy maintsy mino ny Baiboly izy ireo.

¹⁷⁴ Hoy izy ireo hoe, “Anganonganon'ny Jiosy izany, efa taona maro lasa. Ny fiangonanay no manana ny lalana.” Malahelo, ory, jamba, mitanjaka, nefa dia tsy mahafantatra an'izany akory aza. Inona ny... Ary ny Baiboly no milaza fa izany no toerana idiran'izy ireo.

Ahoana no hahafahan'ny mpaminany marina anankiray tsy hahita an'izany? Tsy fantatro.

¹⁷⁵ Mitsofoka mihitsy ao amin'ny fiangonantsika rehetra izany, na aiza na aiza. Jereo fotsiny izany, ao amin'ilay fironana moderina. “Ilay mpijanganjanga antitra sy ireo zanany vavy,” ao amin'ny Apokalypsy 17, nanome ho an'ireo olona “mahantra, jamba, ory” ny fampianaran'ny teolojiana mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra. “Ary hitan'izy ireo tao aminy ny fanahin'ireo andevo, sy ireo lehilahy sy vehivavy avy—avy tany rehetra tany.” Raha tokony hanintona ny olona...

¹⁷⁶ Kristy dia manamarina ny Teniny, izany no manintona ny olona. Izy tsy manintona ny olona ao amin'ny fiangonana izay voasinton'ny anaram-piangonana goavana sy hetsika goavana, sy hadalana goavana be ary zavatra mihaingo. Fa ny Tenin'Andriamanitra dia manintona ny Ampakarin'i Kristy.

¹⁷⁷ Ankehitriny mariho. Mahaliana ny—ny manamarika fa—fa miezaka manintona ny fisainan'ny olona amin'ny alàlan'ny akanjo lava tsara sy antoko mpihira tsara akanjo ilay fiangonana, sy vehivavy mitapa-bolo ary miloko tarehy.

Dia mihevitra izy ireo... Ary mihira toy ny Anjely anankiray ilay izy. Mandainga tahaka ny devoly anankiray, mandeha isan'alina any amin'ny karazam-pandihizana anankiray, tsy mihevitra na inona na inona mikasika an'izany. Ary izany no heverin'izy ireo hoe, "Mety tsara izany. Mahafinaritra izany." Saingy, hitanareo, vita sandoka izany. Tsy izany no Tenin'Andriamanitra.

¹⁷⁸ Fa, ilay tena Ampakarina dia manintona ny fisainan'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny fihazonana ny Teniny. Ankehitriny mariho. Ankehitriny ndao isika hanamarika an'i Kristy.

¹⁷⁹ Hoy ianareo hoe, "Eny, ankehitriny, andraso iray minitra, ahoana ny amin'io hatsaran-tarehy izay resahanao io?"

¹⁸⁰ Ny Baiboly dia nilaza, ao amin'ny Isaia 53:2, fa, rehefa tonga Jesosy, "Tsy nisy hatsaran-tarehy teo Aminy, mba hitiavantsika Azy." Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy nisy hatsaran-tarehy. Raha tonga tao amin'ny hatsaran-tarehin'izao tontolo izao Izy, tahaka an'i Satana amin'izao andro izao, dia ho nihazakazaka nanodidina Azy ny olona ka hanaiky Azy amin'ny fomba anaovan'izy ireo ny fiangonana amin'izao andro izao. Ho nino Azy izy ireo, nandray Azy, tahaka ny anaovan'izy ireo an'i Satana amin'izao andro izao. Azo antoka, fa hanao izy ireo. Saingy tsy tonga tamin'izany karazana hatsaran-tarehy izany Izy, fa tonga foana ao amin'ny hatsaran-tarehin'ny toetra Izy. Izay, Kristy dia tsy Lehilahy mahafinaritra, malaza, matanjaka, mahery. Tsy mifidy an'izany karazana izany Andriamanitra.

¹⁸¹ Tsaroako fa indray mandeha dia nisy mpaminany anankiray tonga mba—mba haka mpanjaka anankiray, mba hanendry mpanjaka anankiray avy tao amin'ny zanak'i Jese, mba haka ny toeran'ny mpanjaka hafa anankiray, Saoly. Ary dia nentin'i Jese nivoaka izy, ilay zanakalahiny lehibe, goavana, tsara. Hoy izy hoe, "Hety aminy tsara ilay satroboninahitra, eo amin'ny lohany."

¹⁸² Tonga ilay mpaminany handraraka an'ilay diloilo eo aminy. Hoy izy hoe, "Nolavin'Andriamanitra izy." Ary Nolvaviny ny tsirairay tamin'izy ireo, mandra-pahatongany teo amin'ilay tovolahy kely anankiray, milatsaka soroka, mena fihodirana. Ary naranany teo aminy ilay diloilo, ka hoy izy hoe, "Andriamanitra no nifidy azy." Hitanareo? Isika dia mifidy amin'ny alàlan'ny fahitana. Andriamanitra mifidy amin'ny alàlan'ny toetra.

¹⁸³ Toetra, tsy nisy toetra anankiray mihitsy tahaka an'i Jesosy Kristy. Velona ao anatinareo izany ary maneho Azy. Hitantsika fa marina izany. Tsy ilay hatsaran-tarehin'izao tontolo izao eo Aminy no manintona ny Ampakariny. Fa ny Toetrany no izy, ny toetran'ilay Fiangonana, izany no

tadiavin'i Jesosy; fa tsy hoe aiza ilay tranobe goavana, aiza ilay anaram-piangonana lehibe, aiza ilay mpikambana betsaka. Nampanantena Izy fa hihaona any amin'ireo izay misy roa na telo miaraka miangona. Marina tokoa. Eo amin'izany no hanorenan'ny tena mpino ny fanantenany, dia eo ambonin'ilay Tenin'Andriamanitra izay nohamarinina tao amin'ny Fahamarinana, no izy. Mifidy amin'ny alàlan'ny Teniny, fa tsy vondrona tia an'izao tontolo izao. Halan'izy ireo izany.

¹⁸⁴ Tsy mahagaga raha nisaraka Taminy izy, satria diso an'ilay Fanambarany izy, ary tsy manana an'izany izy. Tsy miraharaha azy Izy, ny fomba fihetsiny sy fanaony, ary ny habetsahan'io zavatr'izao tontolo izao izay ananany io.

¹⁸⁵ Mitady ny toetrany Izy, ilay toetran'i Kristy. Ankehitriny, fotoana vitsy fotsiny ankehitriny. Izany no izy. Mifidy Ampakarina anankiray Izy mba hanome taratra ny Toetrany, eo amin'izany no nahadiso tanteraka an'ilay fiangonana moderin'izao andro izao tamin'Ny—Ny fandaharany eto, any amin'iray tapitrisa mailly, satria mandà an'*Ity* ho Fahamarinana izy ireo. Koa ahoana no hampety an'izany? Ankehitriny, dia miandry an'ilay andro mba hahavita an'ilay Ampakarina Izy, Hebreo 13:8, tena tahaka ny naha-izy an'izany tanteraka, tahaka ny naha-izy Azy. Tsy maintsy ho ilay Nofony mitovy izany, taolana mitovy, Fanahy mitovy, zavatra mitovy, voaorina tanteraka mihitsy, ary lasa iray izy roa ireo amin'izay fotoana izay. Raha mbola tsy lasa an'izany ilay fiangonana, dia mbola tsy iray izy ireo. Ilay Toetrany, ilay Teny, ho an'izao taona izao, dia tsy maintsy amboarina. Tsy maintsy amboarina mba ho tahaka Azy izy.

¹⁸⁶ Ankehitriny, eto am-pamaranana, dia te-hilaza ny antony nilazako an'ireo zavatra ireo aho, ary izaho dia—izaho dia hamarana. Indray hariva, teo amin'ny telo ora maraina, dia nifoha aho.

¹⁸⁷ Mangataka amin'iza na iza aminareo aho hamaly an'izao. Efa mba niteny zavatra anankiray taminareo tamin'ny Anaran'ny Tompo ve aho ka tsy marina ilay izy? Marina foana ilay izy. [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Koa ampio aho, Andriamanitra dia mahafantatra fa marina izany. Tsy misy olona iray, na aiza na aiza eto amin'izao tontolo izao, tamin'ireo zavatra an'arivony izay noteneniko, hilaza fa efa diso tamin'ny teny anankiray avy amin'izany Izy. Nitranga tanteraka foana ilay izy.

¹⁸⁸ Na dia tamin'izaho tany Phoenix aza, indray andro, na teo amin'ny herintaona lasa teo ilay izy, ka niteny taminareo mikasika an'ilay Hafatra momba—momba ny *Amin'Ny Firy Iza, Tompoko?* Ary niteny taminareo aho hoe, “Hihaona any ny Anjely Fito,” ary ho ny fanokafana an'ireo Tombokase izany, sy hoe inona. Ary teo ny—ny magazina *Life* namoaka an'ilay

lahatsoratra ny amin'izany, ilay Lelafo lehibe izay niakatra tany amin'ny habakabaka, telopolo maily ny hahavony, fito amby roapolo maily ny halavany. Nilaza izy ireo fa tsy hain'izy ireo hoe inona ilay izy; tsy mbola fantany foana. Ireo lehilahy izay mipetraka ato amin'ity tranobe ity mihitsy izao hariva izao, dia nitsangana tany mihitsy niaraka tamiko raha nitranga izany, tena izay Nolzainy tanteraka mihitsy. Nolzainy tamiko ireo zavatra izay tsy maintsy niseho, ary nitranga tanteraka mihitsy. Hoe ahoana no nisokafan'ireo Tombokase, ary niteny tamiko an'ireo zava-miafina izay nafenina nandritr'ireo taonan'ny mpanavao ireo sy ny sisa, tanteraka mihitsy.

¹⁸⁹ Ahoana, raha nitsangana teo an-tampon'ilay havoana, ireo lehilahy, telo na efatra tamin'izy ireo dia manatrika eto mihitsy ankehitriny, eny, mihoatra noho izany aza. Niakatra an'ilay havoana aho, dia hoy ny Fanahy Masina hoe, "Alaivo io vato io." Nihaza izahay. Hoy Izy hoe, "Atsipazo eny amin'ny rivotra io, dia mitenena hoe, 'HOY NY TOMPO HOE.'" Dia nanao aho. Teo ambany teo dia tonga ny rivotra kely toy ny latonoara. Hoy aho hoe, "Ao anatin'ny efatra amby roapolo ora, dia ho hitanareo ny tànan'Andriamanitra." Mipetraka eto mihitsy ireo lehilahy ireo ankehitriny.

¹⁹⁰ Ny ampitso, teo amin'ny folo ora teo, nitsangana teo aho, hoy aho hoe, "Miomàna. Mandehana mankao ambanin'iry fiara iry," mpiady tranainy anankiray. Hoy aho hoe, "Misy zavatra tsy maintsy hitranga." Nazava ny lanitra, tany ambony tany tao amin'ilay lohasaha lehibe. Nidina ny Afo mihodinkodina anankiray avy tany An-danitra, tena nirefotra mafy arak'izay Vitany, nikapoka an'ireo rindrina tahaka an'izao. Izaho—izaho dia nijoro teo ambanin'Izany mihitsy. Nesoriko ny satroko, mahitsiko ny lohako. Tonga teo amin'ny telo na efatra dian-tongotra teo amboniko Izany, ary nanao lakan-drano anankiray nanodidina an'ilay rindrina tahaka an'izao, ary nipoaka. Dia niverina niakatra tany amin'ny habakabaka, ary nihodinkodina indray, dia nidina, in-telo, nanapaka ny tendron'ireo kirihitr'ala mihitsy aza, teo amin'ny roanjato yards teo. Renareo ve ireo lehilahy ireo nanao hoe, "Amena"? Tany izy ireo rehefa nitranga izany, hitanareo, ary nanao fipoahana telo.

¹⁹¹ Rehefa nivoaka avy tao ambanin'ireo fiara izy ireo sy ny sisa, dia niverina, nanao hoe, "Raha nahavao anao iny, dia tsy hisy tasi-menaka anankiray intsony."

¹⁹² Hoy aho hoe, "Izany dia—Izany dia Izy. Niresaka tamiko Izy." Miresaka amin'ny alàlan'ny tadio anankiray Andriamanitra. Hitanareo? Ary teo io Andry Afo mitovy amin'izay hitanareo amin'ny sary io, nitsangana teo.

Ary rehefa niakatra Izany, dia hoy izy ireo hoe, "Inona iny?"

Hoy aho hoe, "Hamely ny Morontsiraka Andrefana ny fitsarana."

193 Ny andro faharoa avy eo, dia saiky nilentika i Alaska. Hitanareo? Namely indray mandeha izany, tany, ilay famelezana voalohany.

194 Fa, mila manao zavatra anankiray ianareo, mba hanaovana ohatra an'ilay izy. Tahaka ny lehilahy iray izay mandatsaka sira ao anatin'ny siny anankiray, ka nanipy azy tany anaty rano, ary nanao hoe, "HOY NY TOMPO HOE, aoka hisy rano mamy." Ary anankiray hafa koa, naka rano Jesosy ka nandrarakana an'izany tao anatin'ny tavoara, ary—ary nahavita divay tamin'izany.

195 Mila manao zavatra anankiray ianareo, hanaovana ohatra. Izany ilay izy, niakatra teny amin'ny habakabaka izany dia nidina. Izany no niantombohan'ilay tadio kely. Tao anatin'ny efatra amby roapolo ora, dia nanozongozona an'ilay tendrombohitra Izany hany ka nanao soritra anankiray nanodidina an'ilay izy.

196 Rev. Atoa. Blair izay mipetraka eto, mijery azy mihitsy aho ankehitriny, tany izy ary naka potiny maromaro avy amin'izany, sy ny sisa. Eto i Terry Sothmann, izy ireo, ary mijoro eto, ary Billy Paul. Ary ireo rahalahy, maro amin'ireo sasany ireo no mipetraka eto, izay tany mihitsy nahita an'ilay izy nitranga rehefa nanongotra an'io Izany.

197 Tsy tantara foronina izany. Ny fahamarinana izany. Tsy tany aoriana tao amin'ny andron'ny Baiboly izany. Ankehitriny izany. Hitanareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ilay Andriamanitra iray ihany izay naneho tamiko foana an'ireo zavatra ireo, ka niseho foana izy ireny, tena ara-bakiteny mihitsy. Tsy diso mihitsy izy ireny na indray mandeha aza. Ankehitriny Izy no dokafako.

198 Herinandro vitsy lasa izay, tao anatin'ny fahitana anankiray aho. Ary nitsangana aho teo amin'ny—ny toerana avo anankiray, ary tsy maintsy nahita an'ilay fijerena mialohan'ilay Fiangonana aho. Ary voamariko, avy tany amin'ny... Nitsangana tahaka an'izao foana aho, nitodika tany Andrefana. Ary avy tamin'ity lalana ity no nisy an'ilay andiam-behivavy mahate-ho-tia, akanjo tena tsara, volo lava voavoatra tsara tao an-damosina, misy tanan'akanjo, ary zipo lava milamina. Ary nandeha izy rehetra tao anatin'ny feon-kira famindràna anankiray, toy ny hoe, "Mandrosoa, ry miaramila Kristiana, handeha ho amin'ny ady, miaraka amin'ny hazo fijalian'i Jesosy mandeha eo aloha." Ary raha nandalo izy ireo, nitsangana aho, ary nisy Zavatra teo, Fanahy anankiray, dia Andriamanitra, ary nanao hoe, "Indro ny Ampakarina." Dia nijery aho, ary faly ny foko. Ary nandeha nihodina tamin'ity lalana ity Izy, ary nandalo taoriako.

199 Afaka kelikely, rehefa niverina tamin'ity lalana ity izy, dia hoy Izy hoe, "Ankehitriny dia ho avy ao amin'ny fijerena

mialoha ilay fiangonana moderina.” Ary indro nanatona ilay fiangonan’i Azia. Tsy mbola nahita andiana loto tahaka an’izany mihitsy aho.

²⁰⁰ Indro nanatona ireo fiangonana hafa, avy amin’ny firenena samihafa. Tena nahatsiravina izy ireo.

²⁰¹ Ary izaho—izaho dia milaza an’izao satria adidiko ny milaza ny fahamarinana, eo anatrehan’Andriamanitra. Ary rehefa nilaza Izy hoe, “Indro avy ilay fiangonan’i Amerika ankehitriny, mba ho jerena mialoha.” Raha tsy mbola nahita andiana devoly mihitsy aho hatramin’izay, dia io izany. Ireo vehivavy ireo dia nitanjaka tanteraka, niaraka tamin’ny zavatra volombatolalaka, tahaka ny lokon’ny hoditry ny elefanta anankiray. Ary notazonin’izy ireo teo anoloany izany, ny ambony tsy nisy na inona na inona mihitsy. Ary nanao an’ilay karazan-javatra izy ireo, ilay, ireo—ireo dihy izay ataon’ireo ankizy eto, ilay twist sy ny karazany, ary ilay karazana mozika izay nanaraka. Ary rehefa nahita an’ilay Ramatoakely U.S.A. nanatona aho, dia saiky torana aho.

²⁰² Ankehitriny, izao no HOY NY TOMPO HOE. Raha mino ahy ho Mpanompony ianareo. Minoa ahy ankehitriny. Tsy hilaza an’izany fahatany mihitsy aho. Tsy misy vola ampy eto amin’izao tontolo izao mba hanao ahy hiteny an’izany raha tsy marina ilay izy.

²⁰³ Ary rehefa nandalo izy, izany no zavatra maloto indrindra izay mbola tsy hitako. Nieritreritra aho hoe, “Andriamanitra, niasa mafy arak’izay vita ireo mpitory teny sy izahay rahalahy mba hanolotra Ampakarina anankiray ho Anao, nefa dia izao no tsara indrindra azonay natao.” Niolankolana izy, nihazona an’ity teo anoloany, tahaka ny iray amin’ireny zipo hula avy amin’ny zavatra anankiray ireny, nitazona an’ilay izy teo anoloan’ny tapany, ny tapany ambany, tahaka an’izao, nandihy sy niolankolana tahaka ny ataon’ireo ankizy eto ao amin’ny... ao amin’ireny fampisehoana ratsy izay ananan’izy ireo ireny, miolankolana. Izany no Ramatoakely Kristianisma an’i Amerika.

²⁰⁴ Koa ampio aho, amin’ny alàlan’ny fanampian’Andriamanitra, fa tahaka an’izany ilay izy teo Anatrehany. Izaho—izaho fotsiny...Nanomboka aho...Nety ho torana aho. Nieritreritra aho hoe, “Ireo ezaka rehetra, sy ireo toriteny, ary ireo fandresen-dahatra ve?” Ny tsirairay tamin’izy ireo dia nitapa-bolo daholo, ary niolankolana izy ireo ary nanohy, nihazona an’ity teo anoloana. Tonga izy ireo, teo amin’izay nitsanganako teo niaraka tamin’ity Zavatra ivelan’ny voajanahary ity. Tsy nahita Azy aho. Nandre Azy niresaka tamiko aho; izay teo akaikiko mihitsy. Saingy rehefa nihodina taty amin’ity lalàna ity izy ireo, nihazona an’ity izy ireo. Ary dia niolankolana fotsiny sy nihomehy ary nandeha, nanohy tahaka an’izany, nihazona an’ity teo anoloan’izy ireo.

205 Ankehitriny, izaho izay nitsangana tao amin'ny Fanatrehany teo, sady Mpanompony. “Fa tamin'izay noezahiko rehetra, dia izao ve no tsara indrindra azoko natao?” Nieritreritra aho hoe, “Andriamanitra, inona no soa vitan'izany tamiko? Inona no soa vitan'izany tamiko? Ny tomany rehetra, sy fiangaviana, sy fandresen-dahatra, ary ireo famantarana lehibe sy zavamahagaga ary fahagagana izay Nasehonao. Ary nitsangana teto aho, ary nandeha nody ka nitomany taorian'ny nitoriako tamin'izy ireo sy ny sisa, dia inona no soa vitan'izany tamiko? Nefa avy eo ve dia tsy maintsy hanolotra zavatra anankiray tahaka an'izany ho Anao aho, ho Ampakarina anankiray?”

206 Ary raha nitsangana teo aho, nijery, nandalo izy. Ary dia azonareo eritreretina ny tapany aoriana, tsy nisy na inona inona, nihazona an'ity teo anoloany rehefa nandeha nampandihy vatana izy, tahaka an'izao, tamin'ilay twist, nanipitsipy ny rantsam-batany tahaka an'izao. Ary, izy, oh, tena ratsy ilay izy, raha nanohy izy, ny vatany nihetsiketsika tahaka an'izao. Ankehitriny izaho. . .

207 Hoy ianareo hoe, “Inona no dikan'izany, Rahalahy Branham?” Tsy fantatro. Miteny aminareo izay hitako fotsiny aho.

208 Ary rehefa nandalo tahaka an'izany izy, dia nijery azy aho. Oh, tena torana aho. Nihodina aho. Nieritreritra aho hoe, “Andriamanitra, voaheloka aho. Tsy misy—tsy misy antony hiezahako intsony ankehitriny. Mety amiko ny miala.”

209 Rtoa. Carl Williams, raha mipetraka eto ianao, dia ilay nofy izay noresahanao tamiko, vao tsy ela akory izay, ilay azonao indray alina, ilay nanelingelina anao, io ilay izy. Nesorina tamin'ny tanako ilay familiana.

210 Noho izany, dia nieritreritra fotsiny aho hoe, “Izaho—izaho dia tokony hanadino an'ilay izy fotsiny.” Vita ny amiko.

211 Avy eo, tampoka teo, dia reko tonga indray Izany. Ary nanatona tamin'ity ilany ity ilay Ampakarina io ihany izay lasa tany amin'ity lâlana ity. Indro tonga indray ireo ramatoa kely, ary ny tsirairay tamin'izy ireo dia nanao ny fitafim-pireneny avy amin'izay nihaviany, tahaka an'i Soisa, Alemaina, sy ny sisa, ny tsirairay dia nanao an'ilay karazam-pitafiana, ny rehetra lava volo, tena tahaka an'ilay anankiray voalohany mihitsy. Ary indro izy ireo fa tonga, namindra. “Mandrosoa, ry miaramila Kristiana, handeha ho amin'ny ady.” Ary rehefa nandalo izy rehetra tamin'ny alâlan'ilay toerana fijerena mialoha izay nitsangananay, tampoka teo mihitsy, ny maso rehetra dia nitodika taty. Avy eo dia niverina izy ireo, ary nanohy izy ireo, namindra.

212 Ary vantany vao nanomboka nandeha niakatra tany amin'ny lanitra izy ireo, ity anankiray ity kosa nandeha niakatra teo amin'ny sisin'ny havoana iray dia nidina, tahaka an'izao.

²¹³ Ireto dia nanomboka namindra niakatra tany amin'ny lanitra. Ary rehefa nandeha namindra izy ireo, dia nahamarika zazavavy kely anankiroa aho tany aoriana, toy ny hoe mety ho zazavavy vahiny izy ireo, tahaka ny Suede na Soisa, na tany ho any. Nanomboka nijery manodidina izy ireo, ary nanana... Hoy aho hoe, "Aza manao an'izao! Aza mivoaka an'io famindràna io!" Ary raha nikiakiaka tahaka an'izany aho, dia nahatsiaro tena aho, tao amin'ilay fahitana, nitsangana teo niaraka tamin'ny tanako nitsotra tahaka an'izao. Nieritreritra aho hoe, "Eny..."

²¹⁴ Izany no antony nilazako izay nolazaiko, izao hariva izao. Te-hametraka fanontaniana iray aminareo aho. Tsy efa tara noho izay heverintsika ve izao? Tsy mety ho efa nantsoina ve Izy ary nofidiana, vita tombokase? Tsy hisy anankiray amboniny intsony, fantatrareo. Mety hisy ve izany? Oh, hia. Oh, hia.

²¹⁵ Tsarovy izay nolazaiko, indray andro tao amin'ilay fisakafoana maraina. Ao anatin'ilay tsirin'aina amin'ny fananahan'ny lahy sy ny vavy, dia misy tsimoka iray tapitrisa mivoaka, atody an-tapitrisany mivoaka. Fa ny anankiray amin'izy ireo ihany no velona, fa, kanefa, izy tsirairay avy ireo dia mitovy: anankiray amin'ny iray tapitrisa. Ny anankiray amin'izy ireo, ilay atody iray ihany ary ilay karazana tsimoka iray ihany. Ny anankiray amin'izy ireo no velona. Ny sisa amin'izy ireo dia maty.

²¹⁶ Tsy misy afaka miteny hoe iza no atody masaka, ary, oh, ahoana ny amin'izany. Andriamanitra no tsy maintsy manapaka an'izany, na ho zazalahy ilay izy na ho zazavavy, mena sa zarazara, na ho inona ilay izy. Andriamanitra no manapaka an'izany. Tsy ilay anankiray tonga voalohany, fa ilay anankiray izay notapahan'Andriamanitra. Angamba ny anankiray tonga *eto*, ary ny anankiray... Raha efa mba nanamarika ianareo, ao amin'ilay fantsona fitiliana, hahita azy ireo tonga miaraka. Nandinika an'izany aho. Andriamanitra no tsy maintsy manapaka an'izany. Ny anankiray, ny tsirairay amin'izy ireo, dia tena mitovy, saingy amin'ny alàlan'ny fifidianana. Ny fahaterahana ara-nofy dia amin'ny alàlan'ny fifidianana. Maka anankiray amin'ny iray tapitrisa Andriamanitra.

²¹⁷ Rehefa niala tao Egypta i Isiraely, teny amin'ny lalany ho any amin'ilay tany nampanantenaina, dia olona roa tapitrisa teo ho eo izy ireo. Ny tsirairay tamin'izy ireo dia teo ambanin'ilay zanak'ondry natao fanatitra iray ihany, raha tsy izany dia tsy ho velona izy ireo. Ny tsirairay tamin'izy ireo dia nihaino an'i Mosesy, ilay mpaminany. Ny tsirairay tamin'izy ireo dia natao batisa tao aminy, tao amin'ny Ranomasina Mena. Ny tsirairay tamin'izy ireo dia nandihy,

ireo vehivavy niaraka tamin'i Miriama, nandroso-sy-niverina teo an-tsisin'ilay (oviana) moron-dranomasina, rehefa nopotehin'Andriamanitra ilay fahavalo. Ny tsirairay tamin'izy ireo dia nitsangana niaraka tamin'i Mosesy, ary nandre azy nihira tao amin'ny Fanahy. Izy ireo, ny tsirairay, dia nihinana mana tany an-efitra, izay nilatsaka avy tany An-danitra. Mana vaovao, isan'alina, izay tandindon'ny Hafatra, ny tsirairay tamin'izy ireo dia nihinana tamin'izany. Saingy, tamin'ilay roa tapitrisa, firy no nahavita an'ilay izy? Roa. Anankiray amin'ny iray tapitrisa.

²¹⁸ Misy Kristiana dimanjato tapitrisa eo ho eo izao hariva izao eto amin'izao tontolo izao, raha isaina ny Katolika sy ny rehetra. Dimanjato tapitrisa heverina ho mpino eto amin'izao tontolo izao. Raha tonga izao hariva izao ny Fampakarana, ny dikan'izany dia . . . raha anankiray amin'ny iray tapitrisa no isa raisina. Tsy milaza aho akory hoe izay no izy. Fa raha izay ilay izy, olona dimanjato, ao anatin'ny efitra amby roapolo ora manaraka, no tsy ho hita. Tsy handre ny amin'izany intsony ianareo. Hisy betsaka no tsy ho hita, na izany aza, tsy hay hazavaina mihitsy akory aza.

²¹⁹ Koa izany dia mety, hitranga amintsika, ry sakaiza, tahaka ny nataony rehefa tonga i Jaona Mpanao-batisa. Na dia ireo mpianatra aza dia nanao hoe, “Nahoana ireo Soratra no nilaza, nahoana ireo—ireo apostoly na ireo mpaminany no nilaza, nahoana no voalaza fa Elia dia tsy maintsy tonga aloha ary hamerina amin'ny laoniny ny zavatra rehetra?”

²²⁰ Hoy Izy hoe, “Lazaiko aminareo fa efa tonga Elia, fa ianareo no tsy nahafantatra an'izany.”

²²¹ Indray andro any dia mety ho tavela mipetraka eto isika, “Ahoana ny amin'ilay Fampakarana mialohan'ny hidiran'ny fahoriambe?”

“Efa tonga ilay izy fa ianareo no tsy nahafantatra an'izany.”

²²² Ilay Vatana rehetra, vita tombokase ao anatin'ny dia mihazona an'izany fotsiny ao anatin'ny famindràna. Tsy milaza aho akory hoe izany ilay izy. Antenaiko fa tsy izany ilay izy. Fa, ry sakaiza, rehefa izany no mamela . . .

²²³ Raha manana fahatsapana isika ao am-pontsika, izao hariva izao, fa tokony hanitsy ny fiainantsika isika, sy ireo zavatra izay nataontsika, dia mamela ahy hanolo-tsaina anareo, amin'ny maha-rahalahy mpitoriteny. Iza no fotoana voalohany hilazako an'ity, avy eto amin'ny polipitra. Nanitatra lavidavitra kokoa aho izao hariva izao, teto amin'Ity, noho ny nataoko tamin'ny sisa hafa, na oviana na oviana, na izany aza, teo anatrehan'ny be sy ny maro, satria nanana fahalalahana be aho tato amin'ireto fivoriana ireto. Raha mino ahy ho mpaminanin'Andriamanitra ianareo, dia

henoy izay noteneniko taminareo. Raha misy feon-dakolosy kely anankiray an'ny fihetseham-po ao amin'ny fonareo, mankanesa eo amin'Andriamanitra izao ankehitriny izao. Ataovy izany.

²²⁴ Mijanona iray minitra, ry lehilahy. Jereo ny—ny fanekem-pinoanareo izay tompoinareo. Jereo ny ao amin'ny fiangonanareo. Tena araka ny Tenin'Andriamanitra marina tokoa ve ilay izy? Tanterakareo ve ny fitakiana rehetra? Hoy ianareo, “Lehilahy tsara aho.” Nikodemosy koa tahaka an'izany, ireo sisa rehetra koa tahaka an'izany. Izy ireo—izy ireo dia nahafinaritra. Hitanareo? Tsy misy hidiran'izany amin'Io.

²²⁵ Ary, ry vehivavy, tiako hijery ao amin'ny fitaratra ianareo, ka hijery izay takian'Andriamanitra mba hataon'ny vehivavy anankiray. Dia jereo ao amin'ny fitaratr'Andriamanitra, tsy ao amin'ny fitaratry ny fiangonanareo ankehitriny, ao amin'ny fitaratr'Andriamanitra; dia jereo raha nahafeno ny fepetra ianareo, ao amin'ny fiainanareo, an'ilay Ampakarina arapanahy an'i Jesosy Kristy.

²²⁶ Ry mpitoriteny, mieritrereta toy izany ianareo. Manapaka an'ireo zorony *eto* ve ianareo, mba hamonjena ny fihetsempon'ny olona any lavitra any? Hanao an'izany ve ianareo raha tsy . . . ka handroaka anareo hiala amin'ny fiangonana izy ireo? Raha mahatsapa an'izany ianareo, ry rahalahy malalako, dia mamelà ahy hampitandrina anareo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mandosira lavitra an'izany izao ankehitriny izao.

²²⁷ Ary, ry ramatoa, raha tsy mahatratra an'ilay fitakiana ho Kristiana anankiray ianareo, tsy Kristiana anarana fotsiny; fa ao amin'ny fonareo, ka ny fiainanareo dia mifanaraka tanteraka mitovy amin'izay lazain'ny sertifikàn'ny mariazy an'Andriamanitra eto fa tokony haha-izy azy.

²²⁸ Ary, ry mpikamban'ny fiangonana, raha tsy tahaka an'izany ny fiangonanareo, mahatratra ny fitakian'Andriamanitra ao amin'ny Teniny, mivoaha ao amin'izany ary midira ao amin'i Kristy.

²²⁹ Fampitandremana masina izany. Isika tsy mahafantatra hoe oviana, ary ianareo tsy mahafantatra hoe oviana, fa ity tanàna ity indray andro any dia hitoetra ao amin'ny fanambanin'ity ranomasina eto ity.

²³⁰ “Oh, ry Kapernaomy,” hoy Jesosy, “ianao izay nisandratra ho any an-danitra, dia ho entina midina any amin'ny helo. Fa, raha mba tany Sodoma sy Gomora no natao ireo asa lehibe, dia ho naharitra hatramin'izao andro izao izy.” Ary Sodoma, Gomora dia mitoetra ao amin'ny fanambanin'ny Ranomasina Maty. Ary Kapernaomy dia ao amin'ny fanambanin'ny ranomasina.

²³¹ Ianao ry tanàna, izay milaza ho tanànan'ireo Anjely, izay nanandratra ny tenanao ho any an-danitra, ka nandefa ny fahalotoana rehetra, zavatra maloton'ny lamaody sy ny sisa, hany ka na dia ireo firenena vahiny aza dia tonga eto mba haka ny lotontsika ary manaparitaka an'izany, ho an'ireo fiangonanareo tsara sy ireo tilikambonareo, sy ny sisa, ny fomba izay ataonareo. Tsarovy, indray andro any dia hitoetra ao amin'ny fanambanin'ny ranomasina ianao, ilay tranontantely lehibe anao dia efa ao ambaninao ao izao ankehitriny izao. Ny fahatezeran'Andriamanitra dia efa mieronana ao ambaninao ao. Mandra-pahoviana no Hihazonany an'io torapasika mihantona eo amboniny io? Nefa, ilay ranomasina any, maily iray ny halaliny, dia hikorisa ao anatin'ny ao, hatrany amin'ny Salton Sea mihitsy. Ho ratsy lavitra noho ny andro faran'i Pompeii izany. Mibebaha, ry Los Angeles.

²³² Mibebaha, ianareo sisa rehetra, ary miverena amin'Andriamanitra. Efa eto ambonin'ny tany ilay oran'ny Fahatezerany. Mandosira raha mbola misy ny fotoana handosirana, ary midira ao amin'i Kristy.

Ndao isika hivavaka.

²³³ Andriamanitra Malala, rehefa, ny ao an-tsaiko, no mihozongozona, dia ny foko no mandrotsaka ranomasompampitandremana. Ekeo, O Andriamanitra, mba tsy hiheveran'ireo lehilahy sy vehivavy hoe vazivazy anankiray izay nolazaiko, ary ireo olom-piangonana tsy hihevitra an'izany ho zavatra izay nanaratsiana na nanoherana azy ireo. Enga anie izy ireo hahita, Tompo, fa tao amin'ny fitiavana izany.

²³⁴ Ianao no vavolombeloko, Andriamanitra Tsitoha, fa nandeha tamin'ity morontsiraka ity ambony-sy-ambany aho, isan-taona, nanambara ny Teninao. Mijoroa ho vavolombeloko, O Andriamanitra, raha hitranga izao hariva izao izany, nilaza ny Fahamarinana aho. Fantatrao fa io fahitana ny amin'ilay Ampakarina io dia ny Fahamarinana. Nakambako tamin'izany ny Anaranao, Tompo, ka nolazaiko fa izany no HOY NY TOMPO HOE. Ary tsapako fa tonga saina aho, Tompo, ny amin'izay ataoko.

²³⁵ Koa mivavaka Aminao aho, Tompo, amin'ny Anaran'i Jesosy, aoka ny olona hanetsika ny tenany, izao hariva izao, ka handositra an'ilay fahatezerana izay ho avy, satria efa voasoratra eran'ny varavarana sy eran'ny firenena ny Ikaboda. Efa mipetaka eo aminy ilay marika mainty. Nalahelo ny Fanahin'Andriamanitra ka nanalavitra azy, ary voalanja eo ambonin'ny mizàna izy ireo ka hita fa maivana. Niverina indray ilay fanasan'i Nebokadnezara Mpanjaka, miaraka amin'ny fetim-pisotroana sy ny vehivavy mitafy tapaka, miantso ny tenany ho Kristiana.

²³⁶ O Andriamanitry ny Lanitra, mamindrà fo amin'ny tany mpanota anankiray sy vahoaka mpanota anankiray, Tompo, fa izany izahay izao hariva izao. Andriamanitra, miezaka aho ny mitsangana ao amin'ilay elanelana ka mangataka ny famindram-pon'Andriamanitra, mba Hiresahanao amin'ity olona marobe ity izao hariva izao ka hiantso ny Ampakarinao mba hitandrina, Tompo, mba hamindra tsy amin'ny alàlan'ny famantaran'ny fanekem-pinoana, fa amin'ny alàlan'ny feon'ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy Tompo. Ekeo izany, O Andriamanitra. Aoka ho fantatra, izao hariva izao, fa Ianao no Andriamanitra, ary ny Teninao no Fahamarinana. Raha, am-panajana, eo anoloan'ity vahoaka ity, no iantsoanay azy ireo hitandrina ny Teninao.

²³⁷ Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no ivavahako ho azy ireo, Tompo. Nahita Anao izy ireo, tany ankoatry ny aloky ny fisalasalana, nihetsika nanerana ny olony maro ka niteny tamin'izy ireo izay tao anatin'ny fony. Ary Ianao no mahafantatra, Tompo, hoe, izao ankehitriny izao, dia inona no miseho. Ianao no mahafantatra an'izany ho Fahamarinana, O Andriamanitra. Ary mivavaka Aminao aho, amin'ny Anaran'i Jesosy, aoka hanelanelana indray ilay Fanahy Masina, Tompo, ka, hisintona avy amin'ity mpanatrika ity, Tompo, an'ireo izay voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry. Ekeo izany, O Andriamanitra. Mivavaka amin'ny foko rehetra aho.

²³⁸ Ireto olona ireto, eo amin'ny ara-nofo, Tompo, dia hanome ahy ny iraimbilanja farany izay ananany, mba hanohanana ny Hafatra. Hanao ny zavatra rehetra izay azony atao izy ireo. Saingy, O Andriamanitra, raha ny hitoviana amin'Ity kosa, sy ny fidirana amin'Ity, dia mivavaka aho, Andriamanitra, mba ho izao anie no hariva izay Hamalianao soa azy ireo ka arotsahy ny Fanahinao Masina ho eo amin'ity fivoriana ity. Ary enga anie tsy hisy sangisangy na fitsambikinana manodidina, fa fitomaniana sy fitarainana, ary fibebahana, fihazonana ny tandroky ny alitara, rehefa mahita ny fitsarana mikotrokotroka ao ambaninay izahay, izao hariva izao. Ekeo izany, Andriamanitra. Mivavaka amin-kitsim-po arak'izay fantatro aho, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

²³⁹ Ry rahalahiko, anabaviko, izaho—izaho tsy mahafantatra hoe inona koa no mbola ho lazaina, raha mahita fitia eo imasonareo aho, noho ny herin'Andriamanitra, raha mino ahy ho Mpaminaniny ianareo. Iza no fotoana voalohany mba nilazako an'izany am-pahibemaso. Fa mahatsapa karazana fampitandremana hafahafa aho. Tsy te-hanao an'izao aho. Fantatrareo fa tsy te-hanao aho. Tsy manao tahaka an'izany aho. Nisalasala aho ny hiresaka an'izao Hafatra izao sy ny hilaza an'ireo zavatra ireo. Nandeha

tamin'ny làla-miolaka aho sy ny zavatra hafa, mba tsy hanao an'ilay izy. Saingy voalaza Izany, ary hitsangana Izany amin'ny Andron'ny Fitsarana, ho vavolombelona fa nilaza ny Fahamarinana aho. Izany no HOY NY TOMPO ANDRIAMANITRA HOE!...?...


²⁴⁰ Oh, ry Pentekosta, avoty ny ainareo. Mandosira mankeo amin'ireo tandroky ny alitara ka miantsoantsoa, mialohan'ny haha-tara loatra an'ilay izy, fa ho avy ny ora anankiray izay hiantsoantsoanareo nefa tsy hahasoa anareo intsony izany. Fa Esao dia naniry ny hahita toerana iray, an'ilay fizokiany, nefa tsy nahita an'izany. Mametraka anareo aho, oh, California. Oh, ry fivorian'ny Full Gospel Business Men, izay tiako, izay nilaozako sy iraiketako, amin'ny foko rehetra, mametraka anareo eo amin'i Jesosy Kristy aho, izao hariva izao. Mandosira mankeo Aminy! Aza mamela ny devoly hampangatsiaka anareo hiala amin'Ity. Mijanona miaraka amin'Izany mandra-pahatonganareo, ny tsirairay, ho feno ny Fanahy Masina, arak'izany, mba hanao anareo ho tonga eto amin'ity Teny ity, izay hanao anareo vehivavy hahitsy, izay hanao anareo lehilahy hahitsy. Raha milaza ianareo fa nahazo ny Fanahy Masina ianareo, nefa tsy hitovy amin'ny Teny, dia fanahy hafa no ao anatinareo. Ny Fanahin'Andriamanitra dia eo amin'ny Teniny, ilay Mesianika, ilay Teny voahosotra. Ny Ampakarina dia tsy maintsy ho Mesia-vavy anankiray, ilay Teny voahosotra.

²⁴¹ Ndao isika hitsangana, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Raha tsy mandre ny feoko intsony indray ianareo... Fa, raha sitrapon'Andriamanitra, dia handeha ho any Afrika aho, ao anatin'ny ora vitsy. Mety tsy ho tafaverina intsony aho. Tsy fantatro. Fa miteny anareo aho, amin'ny foko rehetra, fa nilaza taminareo ny Fahamarinana aho. Tsy nisorona aho nanambara taminareo ny zavatra rehetra izay notenenin'Andriamanitra tamiko mba ho lazaina. Ary nolazaiko tamin'ny Anaran'ny Tompo Izany.

²⁴² Fotoana iray malaza izao. Tsy haiko hoe ahoana no hanazavana an'ilay izy. Niezaka hiala amin'ny polipitra in-telo na in-efatra aho, nefa tsy vitako ilay izy. Ora iray malaza izao. Aza adino mihitsy izany. Iza no fotoana izay, angamba, mety hanaovan'Andriamanitra ny Antsony farany. Tsy fantatro. Hanao ny Antsony farany Izy, indray andro any. Rahoviana? Tsy fantatro. Fa miteny aminareo aho, arak'io fahitana io, ilay izy dia toy ny hoe efa eo am-pahavitana ilay Ampakarina.

²⁴³ Jereo ireo fiangonana ara-anarana izay miditra. Rehefa tonga nitady Solika ilay virijiny natory, tsy nahazo an'Izany izy. Niditra ny Ampakarina. Niakatra ilay Fampakarana. "Raha mbola nandeha nivity Solika izy ireo, dia tonga ny Mpampakatra."

²⁴⁴ Matory ve ianareo? Mifohaza, haingana, ary mahatsiarova tena. Ary ndao isika hivavaka, ny tsirairay, toy ny hoe ho faty amin'izao minitra izao isika, amin'ny Anaran'ny Tompo. Ndao isika, ny tsirairay, hivavaka amin'ny fanaonareo manokana.

²⁴⁵ Andriamanitra Tsitoha, mamindrà fo aminay. Tompo, mamindrà fo amiko. Mamindrà fo aminay rehetra. Inona moa no soa vitan'izany, tsy mampaninona izay ataonay, raha diso ao amin'ireto zavatra ireto izahay? Mitsangana aho ary mangataka famindram-po, O Andriamanitra, mialohan'ny hilentehan'ity tanàna ity ao ambanin'ny ranomasina sy hamafan'ny fitsaran'Andriamanitra an'ity morontsiraka ity. Mivavaka aho, Andriamanitra, mba Hiantsoanao ny Ampakarinao. Apetrako Aminao izy ireo ankehitriny, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena. 

NY FIFIDIANANA AMPAKARINA ANANKIRAY MAG65-0429E
(The Choosing Of A Bride)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alakamisy hariva, 29 Aprily, 1965, ho an'ny fivorian'ny Full Gospel Business Men's Fellowship International tao amin'ny Biltmore Hotel tao Los Angeles, California, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2014 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org